

Betsileo: Bible for Levitikosy

Formatted for Translators

©2022 Wycliffe Associates

Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at <https://unfoldingword.bible/ult/>.

The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at <https://unfoldingword.bible/utn>.

The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit <http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/>

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.

You are free to:

Share — copy and redistribute the material in any medium or format. Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.

Under the following conditions:

Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at <https://BibleInEveryLanguage.org>."

Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.

ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original. No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:

You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.

No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.



Levitikosy

1 ¹Nangaika an'i Mosesy i Yaveh sady nangaika anazy hatagny amin'ny tragno-lay fihiaognana, nanao hoe:² "Mitarogna amin'ny vahoakan'Israely ko lazao amin-dreo hoe: 'Lehe misy ona aminareo mitondra fagnatitsa ho an'i Yaveh, de mitondra raika amin'ny bibinareo hatao fagnatitsareo, na hatamin'ny ondry na hatamin'ny osy.³Lehe fagnatitsa doroana avy hatamin'ny ômby ny fagnatiny, de tsy maintsy lahy tsa misy kilema ro atolony. Hanolotsa anizay eo amin'ny fidirana amin'ny tragno-lay fihiaognana i, mba ho akasitrahana eo agnatrehana'i Yaveh zay.⁴ Hametraka ny tagnany eo an-dohany fagnatitsa doroana i, de ho akasitrahana any amizay mba ho fagnavotana ho anazy.⁵De aoka i hamono ny ômbilahy eo alohan'i Yaveh. Ny zanak'i Arona, ny pisorogna, de hanolotsa rà sady hamafy anizay eo amin'ny alitara eo amin'ny fidirana mandeha ao amin'ny lay fihiaognana. ⁶De aoka i handotsa ny fagnatitsa doroana sady hanetika anizay.⁷De handrehitsa afo eo amin'ny alitara de hagnisy kitay ko hapirehitsa ny afo ny zanak'i Arona.⁸ Ny zanak'i Arona, ny pisorogna, de hametraka ny tetika, ny lohany sy ny saborany, hitandahatsa eo amboniny kitay ze efa mirehitsa eo amboniny alitra.⁹ Fa ny tôvany sy ny feny de tsy maintsy sasany amin'ny rano. De handoro ny raha aby eo amin'ny alitara ho fagnatitsa doroana ho an'i pisorogna. Hiteraka hagnitsa malefaka ho an'Ahy zay; ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho anahy zay.¹⁰Lehe avy amin'ny ondry aman'osy ny fagnatiny ho amin'ny fagnatitsa doroana, de ny raika amin'ny ondry na ny raika amin'ny osy, de tsy maintsy lahy tsa misy kilema ro hatolony.¹¹ Aoka hamono anizay eo amin'ny lafy avaratsy ny alitara eo agnatrehana'i Yaveh i. Ny zanak'i Arona, ny pisorogna, de hamafy ny rànzay amin'ny lafin'ny alitara aby.¹²De aoka i hanetika anizay, miaraka amin'ny lohany sy ny saborany, de ny pisorogna handahatsa anireo eo amin'ny kitay efa mirehitsa, ze eo ambonin'ny alitara,¹³ nefa aoka ho sasàny amin'ny rano ny taovany sy ny feny. De hanolotsa anazy manotolo ny pisorogna, sady handoro anizay eo amin'ny alitara. Izay ro fagnatitsa doroana, de hiteraka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh zay; ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho Anazy zay.¹⁴Lehe fagnatitsa doroana vorogna ny fagnatiny ho an'i Yaveh, de tsy maintsy mitondra domoina na zana-borimahilala hatao fagnatiny i. ¹⁵Tsy maintsy mitondra anizay eo amin'ny alitara ny pisorogna, mariny ny lohany, sady mandoro anizay eo amin'ny alitara. de araraka eo amin'ny alitara ny rànzay.¹⁶Tsy maintsy halainy ny takorobabon'izay sy ny raha ao agnatiny, de hariany agnilany alitara eo atsinaninany zay, eeo amin'ny toerany lavelogna.¹⁷ Tsy maintsy hamoha anizay hateo amin'ny elany i, nefa tsa azo zarainy roa zay. De handoro anizay eo amin'ny alitara ny pisorogna, eo amin'ny kitay efa mirehitsa. Ho fagnatitsa doroana zay, sady hiteraka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh zay, ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'Azy zay.

2 ¹Lehe misy fagnatitsa voa ho an'i Yaveh, de aoka ho koba soa toto ny fagnatiny, de handraraka diloilo eo amin'izay sy hametraka ditikazo magnitsa eo amin'izay i.² Hitondra ny fagnatitsa eo amin'ny pisorogna zazak'i Arona i, de hangalaka koba soa toto eran'ny tagnana miaraka amin'ny diloilo sy ditikazo magnitsa eo amizay ny pisorogna. De handoro ny fagnatitsa eo amin'ny alitara ho fagnati-pahatsiarovana ny pisorogna. Hamoka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh zay; ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'Azy.³ Ze aby tavela amin'ny fagnatitsa de ho an'i Arona sy ny zanany lahy. Masina tokoa avy amin'ny fagnatitsa ho an'i Yaveh natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh zay.⁴ehe manolotsa fagnatitsa voa tsa misy lalivay zay nandrahoana tamin'ny lafaoro agnao, de aoka ho mofo malemy vita tamin'ny koba soa toto mifangaro diloilo zay, na mofo mafy tsa misy lalivay, ze voahositsa diloilo. Lehe nandrahoana tamin'ny lasitra vy⁵ fisaka ny fagnatitsa voa, de aoka ho avy amin'ny koba soa toto tsa misy lalivay ze mifangaro diloilo zay.⁶Hozarainao zay sady nandrahoanao diloilo eo aminazy. Izay ro fagnatitsa doroana. ⁷Lehe nandrahoana tamin'ny lasitra vy ny voa nao, de aoka hatao amin'ny koba soa toto sy diloilo zay.⁸Aoka hitondra voa natao tamin'ny raha ho an'i Yaveh agnao, sady zay de hatolotsa eo amin'ny pisorogna, ze hitondra anizay eo amin'ny alitara. ⁹Avy eo de hangalaka ny sasany amin'ny fagnatitsa voa ho fagnati-pahatsiarovana ny pisorogna, de handoro anizay eo amin'ny alitara i. Ho fagnatitsa natao tamin'ny afo zay, de hahatonga hagnitsa akasitrahana ho an'i Yaveh. ¹⁰Ze ambin'ny amin'ny fagnatitsa hoanina de ho an'i Arona sy ny zanany lahy. Masina de masina hatamin'ny fagnatitsa atao amin'ny afo ho an'i Yaveh zay.¹¹Tsa hisy voa ho atolotsa ho an'i Yaveh ko hisy lalivay, satria tsa tokony handoro masirasira, na tantely, ho ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh agnao.¹² Hanolotsa fagnatitsa voaloham-bokatsa ho an'i Yaveh agnao, kanefa tsa hapiasaina hamohana hagnitsa malefaka eo amin'ny alitara reo. ¹³Aoka hagnome tsiro tsiraidraika amin'ny fagnatitsa voa amin'ny sira agnao. Aoka tsa hoadigno mihitsy amin'ny fagnatitsa voa ny siran'ny fagniken'Andriamagnitsao. Monolotsa sira amin'ny fagnatitsao aby.¹⁴Lehe manolotsa fagnatitsa voalohambokatsa ho an'i Yaveh agnao, de manolara voa vaovao ze natono tamin'ny afo sy nopotehina hatao sakafo sy avy eo.¹⁵ De aoka hagnisy ditikazo magnitsa ao amizay agnao. Zay ro fagnatitsa voa.¹⁶ Sady handoro ny ampahan'ny voa voatoto sy diloilo de ditikazo magnitsa hatao fagnati-pahatsiarovana ny pisorogna. Zay ro fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.

3 ¹Lehe misy ona malotsa sorogna, ze fagnati-pihavagnana amin'ny raika amireo biby avy amin'ny andian'ômby, na lahy na vavy, de aoka i hagnome biby tsa misy kilema eo alohan'i Yaveh. ²Hametraka ny tagnany eo an-dohan'ny fagnatiny i sady hamono anizay eo ambaravaran'ny lay fihiaognana. De ny zanaka lahin'i Arona hamafy ny rànzay amin'ny lafin'ny alitara.³Hanolotsa soron'ny fagnati-pihavagnana amin'ny afo ho an'i Yaveh ny lihilahy. Ny sabora ze mandrakotsa na mifandray amin'ny taovany,⁴ ny voa roa sy ny sabora ze eo amin-dreo amin'ny alalan'ny valahin'ny, sady ilainy ny atiny, miaraka amin'ny voan'ny de halainy aby zay.⁵ Ny zanaka lahin'i Arona de handoro anizay eo ambonin'ny alitara miaraka amin'ny fagnatitsa doroana, ze eo ambonin'ny kitay efa mirehitsa. Hamoaka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh

zay; ho fagnatitsa doroana natao ho an'Azy amin'ny alalan'ny afo zay.⁶ Lehe ohatsa ko avy amin'ny ondry aman'osy ny soron'ny fagnati-pihavagnany lihilahy ho an'i Yaveh; na lahy na vavy, de tsy maintsy manolotsa sorogna tsa misy kilema i,⁷ Lehe manolotsa zanak'ondry hataoko sorogna i, de tsy maintsy atolony eo alohan'i Yaveh zay.⁸ Hametraka ny tagnany eo andohan'ny sorony sy hamono anizay eo alohan'ny lay fihaognana i. De hamafy ny ràny amin'ny sisiny alitara ny zanaka lahin'ny Arona.⁹ Hanolotsa ny soron'ny fagnati-pihavagnana ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh ny lihilahy. Ny sabora, ny rambo matavy abiaby de ho tapahina mandriny ny taolan-damigna, de ny sabora ze mandrakotsa ny taovany sy ny sabora aby ze mariny ny taovany,¹⁰ de ny voa roa sy ny sabora ze ao agnatiny, ze ao agnatiny valahin'ny, de ny ila-atiny, miaraka amin'ny voa__de halainy zay aby zay.¹¹ De handoro anizay aby zay eo amin'ny alitara hatao fagnatitsa doroana hohanina ho an'i Yaveh ny pisorogna.¹² Lehe ohatsa ka osilahy ro fagnatits'ilay lihilahy, de hanolotsa anizay eo alohan'i Yaveh i.¹³ Aoka i hametraka ny tagnany eo an-dohan'ny osilahy de hamono anizay mandriny ny lay fihaognana. De hamafy ny rà'nizay amin'ny lafin'ny alitara ny zanaka lahin'i Arona.¹⁴ Hanolotsa ny sorogna natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh ny lihilahy. Hanaisotra ny sabora ze mandrakotsa ny faritsa agnaty i, de ny sabora aby mandriny ny faritsa agnaty.¹⁵ Hagnala ny voa roa sy ny sabora ze miaraka amin'ny i, ze mariny ny ny valahina, de ny ila-atiny miaraka amin'ny voa.¹⁶ Handoro ze aby zay eo ambony alitara hatao fagnatitsa hohanina natao tamin'ny afo ny pisorogna, mba hamoaka hagnitsa malefaka. An'i Yaveh ny sabora aby.¹⁷ Ho lalàna mandrakizay eo amin'ny taranakareo fara mandimby amizay toerana aby honegnanareo zay, de aoka tsa hihinana sabora na rà agnareo."

4

¹Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ²"Lazao ny vahoakan'Israely hoe: 'Lehe misy ona manota nefa tsa nagniry ny hanota, nanao ny raha aby ze nandidian'i Yaveh mba tsa hatao, de lehe manao raha ze voarara i, de tsy maintsy atao anireto magnaraka reto.'³ Lehe ohatsa ka ny pisorogna be ro manota ko mitondra fagnamelohana eo amin'ny vahoaka, de aoka i hanolotsa vatots'ombilahy lahy tsa misy kilema ho an'i Yaveh hatao fagnatitsa tratsan'ny ota.⁴ Aoka i hitondra ombilahy eo amin'ny fidiran'ny tragno ao amin'ny lay fihaognana eo agnatrehan'i Yaveh, hametraka ny tagnany eo amin'ny lohany, sady hamono ny ôkbilahy eo agnatrehan'i Yaveh.⁵ Ny pisorogna voahosotsa de hangalaka sombiny amin'ny rà'n'ny ombilahy de hitondra anizay ho ao amin'ny lay fihaognana.⁶ Nagnatsoboka ny tagnany tamy rà ny mpisorogna ko namafy im-pito azy teo imason'i Yaveh, eo alohan'ny lamba fitoerana masina indrindra.⁷ Sy avy eo ny pisorogna de hangalaka amin'ny rà ho eo amin'ny tandroky ny alitaran'ny ditik-kazo magnitsa eo agnatrehan'i Yaveh, ze eo amin'ny lay fihaognana, de handraraka ny sisa ambiny ny rà ny ômbilahy agny amin'ny fagnambaniny alitara i hatao fagnatitsa doroana, ze eo amin'ny fidiran'ny lay fihaognana.⁸ Halainy aby ny sabora eo amin'ny omby hatao fagnatitsa nohon'ny ota; ny sabora ze mandrakotsa ny agnatiny, ny sabora aby ze mandrakotsa ny agnatiny,⁹ ny voa roa sy ny sabora ze eo aminazy, ze agnilany valahigna, de ny ila atiny miaraka amin'ny voa__hagnala anizay aby zay I.¹⁰ Hoalainy aby zay aby zay, tahaka ny nagnalany anizay aby zay tamin'ny ômby natao fagnati-pihavagnana. Sy avy ny pisorogna de handoro ny apahany eo amin'ny alitara ho fagnatitsa doroana.¹¹ Ny hoditsy ny omby sy ze hena tavela, miaraka amin'ny lohany sy ny tongony de ny tao agnatiny sy ny zezika ny,¹² ny ambin'ny vatany omby aby__ho ferina ivelany toby aby reo apahany reo ho agny amin'ny toerana ze efa nofidian-dreo ho Anahy, ze nandrarahan-dreo lavelogna; handoro ny apahany eo ambonin'ny kitay reo. Aoka ny apahany reo ho doroan-dreo eo amin'ny nandrarahan-dreo lavelogna.¹³ Lehe manota tsy nahy ny fiangonan'Israely aby, sady tsa nahafatatsa ny fiangonana fa nanota reo sady nanao anize nandraran'i Yaveh tsa hatao, sady lehe meloka reo,¹⁴ de sy efa fantatsa ny ota nataon-dreo, de aoka ny fiangonana hanolotsa vatots'omby hatao fagnatitsa nohon'ny ota sady hitondra anizay eo alohan'ny tragno-lay fihaognana.¹⁵ Ny loholon'ny fiangonana de hametraka ny tagnany eo ambony lohany omby alohan'i Yaveh, de ho vonoana eo alohan'i Yaveh ny omby lahy.¹⁶ Ny pisorogna voahosotsa de hitondra sombiny amin'ny rà ny ômby hatao agny amin'ny tragno lay fihaognana,¹⁷ de hagnatsoboka ny tagnany ao amin'ny rà de hagnamafy anizay impito eo alohan'i Yaveh, eo alohan'ny lamba.¹⁸ Hagnosotsa sombiny amin'ny rà eo amin'ny tandroky ny alitara ze eo alohan'i Yaveh i, ze ao amin'ny tragno lay fihaognana, de handraraka ny rà aby eo amin'ny fagnambaniny alitara hatao fagnatitsa doroana, ze eo amin'ny fidirana eo amin'ny tragno lay fihaognana.¹⁹ Hagnala ny sabora ze eo amin'ny alitara.²⁰ Izay ro aoka hataony amin'ny ômby. Tahaka ny efa natao tamin'ny omby natao fagnatitsanohon'ny ota, ro hataony aminio omby io, de ny pisorogna de hanao fagnavotana ho an'ny vahoaka, ko ho voavela reo.²¹ Ho feriny agny ivelany toby ny omby sady handoro anizay tahaka ny nandoroany ny omby voalohany i. Izay ro fagnatitsa nohon'ny ota ho an'ny fiangonana.²² Sy efa nanota tsy nahy ny panapaka, amin'ny fanaovana ny raika aminy raha aby ze nandidian'i Yaveh mba tsa hatao, ko meloka i,²³ de hapafantarina anazy ny ota ze nataony, aoka i hitondr osy, osilahy tsa misy kilema hatao sorony.²⁴ Hametraka ny tagnany eo amin'ny lohany osy i sady hamono anizay eo amin'ny toerana ze namonoan-dreo ny fagnatitsa doroana eo alohan'i Yaveh. fagnatitsa nohon'ny ota zay.²⁵ Ny pisorogna de hangalaka ny rány fagnatitsa nohon'ny ota amin'ny tagnany sady hametraka nizay eo amin'ny tandroky ny alitara hatao fagnatitsa doroana, de handraraka ny rà'nizay eo amin'ny fagnambaniny alitaran'ny fagnatitsa doroana i.²⁶ Ho doroan'ny eo amin'ny alitarany aby ny sabora, tahaka ny sabora tamin'ny soron'ny fagnati-pihavagnana. Ny pisorogna de hanao fagnavotana ho an'ny panapaka mahakasika ny otany, de ho voavela ny panapaka.²⁷ Lehe misy amireo sarambambem-bahoaka manota tsa nahy, amin'ny fanaovana ny raha aby nandidian'i Yaveh an-dreo tsa hatao, de sy efa fantany ny helony,²⁸ de ho apafantarina anazy ny ota ze nataony, sady hitondra osy raika, osivavy tsa misy kilema ho sorony, ho an'ny ota ze nataony.²⁹ Hametraka ny tagnany eo amin'ny lohany fagnatitsa nohon'ny ota i sady hamono ny fagnatitsa nohon'ny ota eo amin'ny toeran'ny fagnatitsa doroana.³⁰ Ny pisorogna de handray sombiny

amin'ny rà amin'ny tagnany de hametraka anizay eo amin'ny tandroky ny alitara ho fagnatitsa doroana. Handraraka ny ambin'ny rà aby eo amin'ny fagnambanin'ny alitara i.³¹ Hagnala ny sabora aby i, tahaka ny nagnalany ny sabora tamin'ny fagnati-pihavagnana. Ho doroan'i pisorogna eo amin'ny alitara zay mba hamoaka fofogna magnitsa ho an'i Yaveh. Hanao fagnavotana ho an'ny ona ny pisorogna, de ho voavela i.³² Lehe mitondra zank'ondry ho ataony sorogna hatao fagnatitsa nohon'ny ota ny lihilahy, de hitondra ondry vavy tsa misy kilema i.³³ Hametraka ny tagnany eo amin'ny lohan'ny fagnatitsa nohon'ny ota i sady hamono anizay ho fagnatitsa nohon'ny ota eo amin'ny toerana ze hamonoan-dreo ny fagnatitsa doroana.³⁴ Ny pisorogna de hangalaka sombiny amin'ny ràny fagnatitsa nohon'ny ota amin'ny ratsa-tagnany de hametraka anizay eo amin'ny tandroky ny alitara hatao fagnatitsa doroana, de ho ararany eo amin'ny fagnambanin'ny alitara aby ny rànzay.³⁵ Hagnala ny sabora aby i, tahaka ny nagnalany ny saboran'ny zanak'ondry tamin'ny sorony fagnati-pihavagnana, de hodoroan'ny pisorogna eo amin'ny alitara eo ambonin'ny fagnatita'i Yaveh natao tamin'ny afo zay. Hanao fagnavotana ho an'azy ny pisorogna nohon'ny ota ze nataony, de ho voavele ny lihilahy.

5 ¹Lehe misy ona manota satria tsa nijoro i tamin'ny raha ze nilàna ny fijoroany vavolombelogna, nako efa nahita anizay i na nahare ny momban'izay, de ho topon'andraikitsa i. ² Na lehe misy ona mikasika ny raha efa natokan'Andriamagnitsa ho maloto, na ny fatiny bibidia maloto zay na ny fatim-biby fiompy ze efa maty, na biby mandady, nako de tsa nihievitsa ny hikasika anizay aza ny ona, de maloto sy meloka i.³ Na lehe mikasika ny fahalotoan'ny ona raika, na ina na ina ze fahalotoany, sady lehe tsa mahafantatsa anizay i, de ho meloka i sy efa mahalala ny momba anizay.⁴ Na lehe misy ona mianiana mafy amin'ny molony hanao ratsy, na hanao ny soa, na ina na ina ianiagnan'izay lihilahy zay mafy amin'ny fianiagnana, nako de tsa mahafantatsa anizay aza i, sy efa mahalala ny momba anizay i, de ho meloka, amin'ny aby reo.⁵ Lehe meloka amizay ny ona raika, de tsy maintsy miaiky ze heloka aby nataony i. ⁶ De aoka i hitondra fagnatitsa noho ny heloka amin'ny Yaveh nohon'ny fahotana ze efa vitany, Biby vavy raika avy amin'ny ondry aman'osiny, na zanak'ondry na osy, ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota, de ny pisorogna hanao fagnavotana ho anazy mahakasika ny fahotany.⁷ Lehe tsa mahavita mividy zanak'ondry i, de mahazo mitondra domoina roa ana vorimahilala vatony roa ho an'i Yaveh i hatao fagnatitsa nohon'ny heloka nohon'ny fahotany, raika fagnatitsa nohon'ny ota de ny raika hafa hatao fagnatitsa doroana.⁸ Aoka i hitondra ny amin'ny pisorogna, ze hanolotsa ny raika aloha ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota__hagnolagna ny lohan'izay i nefa tsa hagnala anizay tanteraka amin'ny vatany. ⁹ Sy avy eo de hamafy ny apahan'ny amin'ny ràny fagnatitsa nohon'ny ota eo amin'ny ilan'ny alitara i, de handraraka ny sisan'ny rá eo amin'ny fagnambanin'ny alitara i. Izay ro fagnatitsa nohon'ny ota.¹⁰ Magnaraka anizay de aoka i hanolotsa ny vorogna faharoa hatao fagnatitsa doroana, araka ny voafaritasa tao amin'ny torolalagna, de hanao fagnavotana ho anazy nohon'ny ota ze efa vitan'ny pisorogna, ko de ho voavela ny heloky ny ona.¹¹ Kanefa lehe ohatsa ka tsa mahatakatasa domoigna roa na vorimahilala roa i, hatao sorogna noho ny fahotany de aoaka i hitondra apahafolon'ny efaha amin'ny koba soa toto ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota. Aoka i tsa hagnisy diloilo na ditin-kazo magnitsa amin'izay, satria fagnatitsa nohon'ny ota zay.¹² Aoka i hitondra anizay agny amin'ny pisorogna, de hangalaka raitagnana amizay ny pisorogna hatao fagnatitsa ho fagnati-pahatsiarovana de sy avy eo handoro anizay eo amin'ny alitara, eo an-tapon'ny fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Izay ro fagnatitsa nohon'ny ota.¹³ Hanao fagnoregnana ho an'izay fahotana vitan'ny ona ny ona zay. Reo sisa avy amin'ny fagnatitsa de ho an'ny pisorogna, tahaka ny amin'ny fagnatitsa voa."¹⁴ De nitarogna tamin'ny Yaveh i Mosesy nanao hoe:¹⁵ "Lehe misy ona mandika ny didy sy manota reo raha ze an'i Yaveh, kanefa nanao anizay tsa nahy, de aoka i hitondra ny fagnatiny nohon'ny heloka ho an'i Yaveh. Izay fagnatitsa zay de tsy maintsy ondry lahy tsa misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy; ny lanjan'izay de aoka ho tombagnana amin'ny sekely volafotsy__ny sekelin'ny fitoerana masina__ho fagnatitsa nohon'ny heloka.¹⁶ Aoka i hanao ze mahafapo an'i Yaveh noho ze ratsy efa vitany mifandray amin'ny masina, de aoka i hagnampy amizay sady hagnome anizay ho an'i pisorogna. De hanao fagnoregnana ho anazy amin'ny ondrilahin'ny fagnatitsa nohon'ny heloka ny pisorogna, ko de ho voavela zay ona zay.¹⁷ Lehe misy ona manota sy manao anizay raha efa nodidian'i Yaveh tsa ho atao, nako de tsa mahafantatsa anizay aza i, de vona meloka i ko tsy maintsy hilaña ny helony hiany.¹⁸ Aoka i hitondra ondry lahy raika tsa misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy, ze mendrika ny tombam-bidiny, ho fagnatitsa nohon'ny heloka ho an'ny pisorogna. Avy eo de hanao fagnoregnana ho anazy mahakasika ny fahotana ze efa vitany ny pisorogna, amize tsa fahafantarany, ko de ho voavela i.¹⁹ Izay ro fagnatitsa nohon'ny heloka, de meloka tokoa i eo agnatrehan'i Yaveh."

6 ¹Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh nanao hoe:² "Lehe misy ona manota ko mandika ny lalàna manohitsa an'i Yaveh, tahaka ny hoe mifampiraharaha ambadikamiaraka amin'ny namany mahakasika ny raha ze nankinina tamin'ny lehe mamitaka i na mandroba anazy, na napijaly ny namany, ³ na nahita raha ze novirezin'ny namany ko mandenga amizany, de mianiana amin'ny lenga, na amin'ny raha tahaka ny hanotan'ny ona,⁴ de, lehe manota i ko meloka, de tsy maintsy hagnapody, de tsy maintsy hagnapody anize aby nalainy tamin'ny alalany fandrohana na fapahoriana na nangalaka anize nankinina tamin'ny raha very ko hita ndraika.⁵ Na nandenga tamin'ny raha aby i, de tsy maintsy hagnapody aby anizay sady tsy maintsy hagnampy raika apahadimy hanoloana anizay amin'ny topony, amin'ny andro ze nahameloka anazy.⁶ De tsy maintsy hitondra ny fagnatipagnoregnana ho an'i Yaveh i: ondry lahy tsa misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy ze mendrika ny tombam-bidiny, ho fagnati-pagnoregnana ho an'ny pisorogna.⁷ Hanao fagnavotana ho anazy eo alohan'i Yaveh ny pisorogna, de ho voavela amize aby nahatonga anazy ho meloka amin'ny nataony i."⁸ De nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe:⁹ "Didio i Arona sy ny zanany, lazao hoe: 'Zao ro lalàny fagnatitsa doroana: Tsy maintsy eo ambony fatagna ny alitara ny aligna manontolo zizika maraigina ny fagnatitsa doroana, de ny afony alitara de avela

hirehitsa hiany.¹⁰ Hanao ny akanjo rongony fotsy ny pisorogna, de hanao ny atin'akanjo rongony fotsy hiany koa i. Hangalaka ny lavelogna ze tavela tafaran'ny nandivegnany afo ny fagnatitsa doroana eo ambony alitara i, sady hametraka ny lavelogna eo ambony alitara.¹¹ Hagnala ny fitafiany i de hapiditsa ny akanjo hafa mba hitondrana ny lavelogna hienga ny toby ho agny amin'ny toerana ze madio.¹² Ny afo eo amin'ny alitara de havela hirehitsa hiany. Aoka tsa hienga zay, de ny pisorogna de handoro hazo eo ambonin'izay isaky ny maraigna. Handamigna ny fagnatitsa doroana araka ny ze takiana aminazy i, Sady handoro ny sabora fagnati-pihavagnana hiany koa i.¹³ Avela hirehitsa eo ambony alitara mandrakariva ny afo. Aoka tsa hienga zay¹⁴ ao ro lalany fagnatitsa voa. Hanolotsa anizay eo alohan'i Yaveh mariny ny alitara ny zanaka lahin'i Arona.¹⁵ Hangalaka koba soa toto eraky ny tagnana amin'ny fagnatitsa voa sy amin'ny diloilo de ny diti-kazo magnitsa ze eo ambonin'ny fagnatitsa voa ny pisorogna, de handoro anizay eo ambony alitara mba hamoaka fofogna magnitsa tahaka ny fagnati-pahatsiarovana zay.¹⁶ Hihinana ny ze sisa amin'ny fagnatitsa i Arona sy ny zanany lahy. Tsy maintsy hohanina tsa misy lalivay ao amin'ny fitoerana masina zay. Hihinana ao amin'ny kianjan'ny tragno-lay fihaognana reo.¹⁷ De aza andrahoana miaraka amin'ny lalivay zay. Nameko ho anjaran-dreo amin'ny fagnatitsa natao tamin'ny afo zay. Masina indrindra zay, tahaka ny fagnatitsa nohon'ny ota de ny fagnati-pagnoregnana zay.¹⁸ Fa mandritsa ny fotoagna aby hiavian'ny taranakao fara mandimby, ny taranaka lahy sasany avy amin'i Arona de aoka hihinana anizay tahaka ny fizaràny, nalaina avy tamireofagnatits'i Yaveh natao tamin'ny afo. Na ia na ia mikasika anizay de hanjary masina.¹⁹ Ko nitarogna tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh, nanao hoe:²⁰ "Izao ro fagnatits'i Arona sy ny zanany lahy, ze hamen-dreo an'i yaveh amin'ny andro ze hagnosorana ny zanaka lahy aby: ny apahafolon'ny efaha raika amin'ny koba soa toto hatao fagnatitsa voa fanao mahazatsa, antsasany amizay maraigna de ny antsasany amizay hariva.²¹ Ho vita amin'ny menaka agnaty Isitra mofo zay. Sy efa vonto menaka zay, de ho ferinao miditsa. Voaendy ro hanoloranao fagnatitsa voa mba hamoaka hagnitsa malefaka ho an'i Yaveh.²² Ny zanaka lahin'ny pisorognabe vaovao amin'ny zanany lahy ro hanolotsa anizay. araka ny efa nandidiana hatrizay, de hodoroana ho an'i Yaveh aby zay.²³ Ny fagnatitsa voan'ny pisorogna de horoana aby. Aoka tsa hoanina zay.²⁴ Nitarogna tamin'i Mosesy ndraika i Yaveh ko nanao hoe:²⁵ "Mitarogna amin'i Arona sy ny zanany lahy, Manao hoe: "Izao ro lalàn'ny fagnatitsa nohon'ny fahotana de tsy maintsy vonoana eo amin'ny toerana ze namonoana ny fagnatitsa doroana eo alohan'i Yaveh. zay ro masina indrindra.²⁶ Ny pisorogna ze hanolotsa anizay ho an'ny fahotana de hihinana anizay. Tsy maintsy hohanina agny amin'ny fitoerana masina ao amin'ny kianjan'ny tragno-lay fihaognana zay.²⁷ Na ia na ia mikiasika ny henan'izay de ho masina, de lehe misy rà mifafy amin'ny akanjo, de tsy maintsy sasana agny amin'ny toerana masina ny faritsa ze nopitihany.²⁸ Fa ny vilagny tanimanga ze nanpangotrahana anizay de hovakiana. Lehe napangotrahana tagnaty vilagny varahona zay, de aoka hokosehina sy hosasana madio amin'ny rano zay.²⁹ Ny lilihahy sasany amin'ny pisorogna de mahazo mihinana amizay satria masina indrindra zay.³⁰ Fa lehe misy fagnatitsa nohon'ny fahotana ko ferina ao amin'ny tragno-lay fihaognana mba hanaovana fagnoregnana ny ràny de aoka tsa hohanina. Aoka hodoroana zay.

7

¹Izao ro lalàna amin'ny fagnatitsa nohon'ny heloka. Ze masina indrindra.² Aoka reo hamono fagnatitsa nohon'ny heloka eo amin'ny toerana famonoana anizay, de aoka reo hagnaparitaka ny rà isaky ny lafin'ny alitara. ³Ny sabora aby eo amizay de de hatolotsa: ny rambon'ny matavy, ny sabora ze magnodidigna ny ao agnatiny,⁴ ny voa roa sy ny sabora miaraka aminazy, ze mandriny ny valahiny, de ze mandrakotsa ny atiny, miaraka amin'ny voa__de aoka halaina aby zay. ⁵Aoka handoro ny faritsa reo eo amin'ny alitara ny pisorogna mba ho fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Izay ro fagnatitsa nohon'ny heloka.⁶ Ny lilihahy tsiraidraika eo amin'ny pisorogna de aoka ny apahany aminio fagnatitsa io. Aoka hoanina eo amin'ny fitoerana masina zay satria masina ndrindra.⁷ Tahaka ny fagnatitsa nohon'ny heloka ny fagnatitsa nohon'ny ota . Mitovy ny lalàna mihiantra amireo. Reo de an'ny pisorogna manao fonegnana amin-dreo.⁸ Ny pisorogna ze manao fagnatitsa doroan'ny ona de tokony hanagnany hodits'izay sorogna zay ho anazy.⁹ Ny fagnatitsa voa aby ze nandrahoana tao agnaty lafaoro, sy ny fagnatitsa tahaka zay aby nindezina tamin'ny lasitra fagnindezana na nandrahoana de ho an'ny pisorogna ze nanolotsa anizay. ¹⁰Ny fagnatitsa voa aby, na maigna na nafangaro tamin'ny menaka, de ho an'ny taranak'i Arona aby hiany koa.¹¹ Izao ro lalànana amin'ny sorogn'ny fagnati-pihavagnana ze ho hatolotsy ny ona ho an'i Yaveh.¹² Lehe misy magnatitsa anizay mba ho fagnomezam-pisaorana, de aoka i hanolotsa anizay miaraka amin'ny sorogn'ny mofo tsa misy lalivay, kanefa mihosotsa menaka, de ny mofo vita tamin'ny koba soa toto ze nolaroana tamin'ny menaka.¹³ Ao agnatiny ny tanjogna fagnomezam-pisaorana hiany koa, de aoka i hanolotsa apemp-mofo nasiana lalivay miaraka amin'ny fagnati-pihavagnany. ¹⁴Aoka i hanolotsa karazany raika amireo fagnatitsa reo ho fagnatitsa hatoro an'i Yaveh. Ho an'ny pisorogna ze naporitaka ny ràny ny fagnati-pihavagnana teo amin'ny alitara zay. ¹⁵Aoka ny ona ze manoro ny fagnati-pihavagnana mba ho fahomeza-pisaorana hihinana ny henan'ny fagnatiny amin'ny andron'ny sorogna. Aoka tsa hagnisy sisa amizay i zizika maraigna. ¹⁶Fa lehe ho an'ny voody ny sorogn'ny fagnatin'ny, na ho an'ny fagnatitsa an-tsitraho, de aoka hoanina mandritsa ny andro atirahany ny sorogna hena, fa na ina na ina mety ho sisa amizay de azo hoanina ny apitson'igny.¹⁷ Leko zay aza, na ina na ina henan'ny sorogna tavela amin'ny andro fahatelo de aoka hodoroana. ¹⁸Lehe misy henan'ny sorogna amizay fagnati-pihavagnana nohanina amin'ny andro fahatelo, de tsa ho ekena zay, na ho tanan'ize nanolotsa anazy. Ho raha mahafarikoriko zay, de ny ona ze mihinana anizay de hitondra ny heloky ny otany.¹⁹ Ze hena mikasika raha maloto de aoka tsa hoanina. Aoka hodoroana zay. Ny amin'ny sisan'ny hena, de azon'ny ona madio hoanina zay.²⁰ Neko zay nefa, ze ona maloto mihinana hena avy amin'ny sorony fagnati-pihavagnana ze an'i Yaveh__de aoka zay ona zay halaina eo amin'ny vahoakany²¹ Lehe misy ona mikasika raha maloto__ na

fahalotoan'olo, na biby maloto, na raha maloto mahafarikoriko hafa, sady lehe mihinana tamin'ny soron'ny fagnati-pihavagnana ze an'i Yaveh i sy avy eo, de aoka zay ona zay halaina eo amin'ny vahoakany.²² De nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe:²³ "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de lazao hoe: Aoka agnareo tsa hihinana ny savoran'ny ômbly na ondry na osy.²⁴ Ny savoran'ny biby ze maty tsa tamin'ny sorogna, na ny savoran'ny biby noviravirainy bibidia, de azo apesaina amin'ny raha hafa, fa aoka agnareo tsa hihinana anizay mihintsy.²⁵ Na ia na ia ona mihinana ny savoran'ny biby ze mety ataon'ny ona ho sorogna natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, de aoka halaina amin'ny vahoakan'ny zay ona zay.²⁶ Aoka agnareo tsa hihinana rà na avy aminina na avy aminina ao an-dragonareo, na avy amin'ny vorogna zay na biby.²⁷ Na ia na ia mihinana rà, de aoka halaina amin'ny vahoaka zay ona zay."²⁸ Koa niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh sady nitarogna hoe:²⁹ "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de lazao hoe: 'Aoka hitondra anjara sorogna ho an'i Yaveh ze magnatitsa ny fagnatitsy ny soro-pihavagnana ho an'i Yaveh.³⁰ Ny fagnatitsa ho an'i Yaveh ze hatao amin'ny afo, de aoka ny tagnany hiany ro hitondra anizay. Aoka i hitondra ny savora miaraka amin'ny tratra, ko aoka havela ho fagnatitsa ahevaheva ho an'i Yaveh zay.³¹ Aoka ny pisorogna handoro ny savora eo amin'ny alitara, fa ny tratrany de an'i Arona sy taranany.³² Aoka homenareo ny pisorogna ny feny havagnana ho fagnatitsa atoro ao amin'ny sorony fagnati-pihavagnanareo.³³ Ny pisorogna, raika amireo taranak'i Arona, ze manolotsa ny rà'n'ny fagnati-pihavagnana sy ny savora__de hahazo ny feny havagnana i ho tahaka ny anjarany amin'ny fagnatitsa.³⁴ Fa efa noraisiko tamin'ny vahoakan'Israely, ny tratran'ny fagnatitsa ahevaheva, sy ny feny ze fandraisana anjara, sady reo de namena an'i Arona sy ny zanany lahy ho anjara mahazatsa ho an-dreo.³⁵ Izay ro anjaran'i Arona sy ny taranany avy tamin'ny fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, tamin'ny andro ze nanoloran'i Mosesy an-dreo mba hanompo an'i Yaveh amin'ny asa maha pisorogna.³⁶ Izay ro anjaran'ny ze nandidian'i Yaveh hamena an-dreo avy tamin'ny vahoakan'Israely, tamin'ny andro nagnosorany ny pisorogna. Izay hiany ro anjaran-dreo hatramin'ny taranaka fara-mandimby.³⁷ Izay ro lalàna amin'ny fagnatitsa doroana , amin'ny fagnatitsa voa, amin'ny fagnatitsa nohon'ny ota, amin'ny fagnatitsa nohon'ny heloka, ny fagnati-panokagnana , sy ny soron'ny fagnat-pihavagnana,³⁸ ze efa nagnomezan'i Yaveh didy an'i Mosesy teo antendrombohitsa Sinay tamin'ny andro ze nandidiany ny vahoakan'Israely mba hanolotsa ny sorognan-dreo ho an'i Yaveh tagny an-tany efits'i Sinay."

8

¹Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy,nanao hoe:² "Aiao i Arona sy ny zanany lahy miaraka aminazy, ny fitafiana sy diloilo fagnosorana, ny ômbilahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota, ny ondry lahy roa, de ny harogna fitoeram-bary tsa misy masirasira.³ Avondrony eo amin'ny fidiran'ny tragno-lay fihaogna ny fiangonana aby."⁴ Ko de nanao ze araka ny nandidian'i Yaveh anazy i Mosesy, de avy nivory teo amin'ny fidirana mandeha agny amin'ny tragnolay fihaogana ny fiangonana.⁵ Sy avy eo nitarogna tamin'ny fiangonana i Mosesy hoe: "Izao ro nandidian'i Yaveh ho atao."⁶ Noferin'i Mosesy i Arona sy ny zanany lahy de nosasany tamin'ny rano reo.⁷ Napanaoviny an'i Arona ny akanjo lava sady narohiny teo amin'ny andilany ny hetsa, nampitafiany tohitegna i sady nasiany efoda tegny aminazy, de narohiny teo amin'ny efoda niaraka tamin'ny lamba voatenona manjinika ko narohy tamin'ny trogna zay.⁸ Napetrany teo amin'ny saro-tratra, de tao agnatiny saro-tratra ro nasiany ny Orima sy ny tomima.⁹ Nametraka ny hamama teo amin'ny lohany i, de tao agnatiny hamama, teo alohany, ro nagnasiany ny takela-bolamena, sy ny diadema masina, araka ny nandidian'i Yaveh anazy.¹⁰ Nandray ny diloilo fagnosorana i Mosesy, ko nagnosotsa ny tabernakely sy ze raha aby tao aminazy de nanokagna anizay ho an'i Yaveh.¹¹ Nagnamafy ny diloilo impito teo amin'ny alitara i, sady nagnosotsa ny alitara sy ny raha aby tao agnatiny, de ny tavy sy ny faladiany, mba hanokagnana anireo ho an'i Yaveh.¹² Nandaraka ny sasany tamin'ny diloilo fagnosorana tamin'ny lohany i Arona i ko nagnosotsa anazy mba hanokagnana anazy.¹³ Noferin'i Mosesy ny zanaka lahin'i Arona de napitafian'ny akanjo lava reo. Nandrohy hetra tamin'ny andilany reo sady namogno lamba rongony fotsy tegny an-dohan-dreo, araka ny nandidian'i Yaveh anazy.¹⁴ Nitondra ny omby lahy fagnatitsa nohon'ny ota i Mosesy, de arona sy ny zanany lahy nametraka ny tagnany teo amin'ny lohan'ny ombilahy ze avy noferin-dreo ho agny fagnatitsa nohon'ny ota.¹⁵ Novonoany zay, de nangalaka ny rà sy nametaka anizay tambonin'ny tandroky ny alitara tamin'ny fanondrony i, nagnadio ny alitara,nandraraka ny rà teo amin'ny fagnambaniny alitara, ko nanokagna anizay ho an'Andriamagnitsa mba hanaovanyfagnoregnana ho amizay.¹⁶ Nalainy aby ny savora tao agnatiny, ny sarogn'aty, sy ny voa roa de ny savorany, sady nandoro ny teo amin'ny alitara i Mosesy.¹⁷ Fa ny omby lahy, ny hodiny, ny henany, sy ny tain-drorohany de nodoroana teo ivelan'ny toby, araka ny nandidian'i Yaveh anazy.¹⁸ Nanolotsa ny ondrilahy ho amin'ny fagnatitsa doroana i Mosesy, fa i Mosesy sy ny zanany lahy de nametraka ny tagnany teo amin'ny lohan'ny ondry lahy.¹⁹ Novonoany zay ko nafafy magnodidigna ny lafin'ny alitara aby ny ràny.²⁰ Notitehany ny ondrilahy de nodoroana ny lohany sy ny silany de ny savorany.²¹ Nosasany tamin'ny rano no ny atiny sy ny tongony, de nandoro aby ny ondrilahy teo amin'ny alitara i.Izay ro fagnatitsa doroana sady namoaka ny hagnitsa mamerovero zay, fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.²² Avy eo de nanolotsa ondry lahy raika hafa i Mosesy, ny ondry lahy ny fagnamasinana, de i Arona sy ny zanany lahy de nametraka ny tagnany tamin'ny ondrilahy.²³ Novoa'n'i Aron zay, de nangalaka tamin'ny ràny i Mosesy ko nametraka anizay tamin'ny tendron'ny ravitsofin'i Arona akavagnana, teo amin'ny akibe tagnany akavagnana, sy teo amin'ny akibe-tongony akavagnana.²⁴ Noferiny reo zanaka lahin'i Arona, sady nametraka ny sasany tamin'ny rà teo amin'ny tendron'ny ravitsofin-dreo akavagnana, teo akibe-tagnan-dreo akavagnana, sy teo akiben-tongon-dreo akavagnana i. Sy avy eo i Mosesy namafy ny rà'nizay magnodidigna ny lafin'ny alitara aby.²⁵ Nalainy ny savora, ny rambo matavy, ny savora aby ze tao agnatiny, ny sarogn'aty, ny voa roa sy ny saboarany, de ny feny havagnana.²⁶ Avy tamin'ny

harogna fitoera-mofo tsa misy lalivay ze teo agnatrehan'i Yaveh, ro ro nangalany ny mofo tsa misy lalivay raika, de mofo nasiana diloilo, sy mofo manify, sady nametraka anireo teo amin'ny sabora sy teo amin'ny fe havagnana.²⁷ Napetrany tegny amin'ny tagnan'i Arona sy ny tagnan'ny zanany lahy aby reo sady nahevahevany teo agnatrehan'i Yaveh reo mba ho fagnatitsa ahevaheva.²⁸ De nalain'i Msesy tegny an-tagnan-dreo reo de nodoroany teo amin'ny alitara ho amin'ny fagnatitsa doroana. Re de fagnatitsa fagnamasinana de namoaka hagnitsa mamerovero. Zay ro fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.²⁹ Nandray ny tratra sy nagnevaheva anizay hatao fagnatitsa ahevaheva ho an'i Yaveh i Mosesy. Izay ro fizaran'i Mosesy ny ondry lahy ho an'ny fanokagnana ny pisorogna, araka ny nandidian'i Yaveh anazy.³⁰ Nangalaka tamin'ny diloilo fagnosorana sy tamin'ny rà ze teo amin'ny alitara i Mosesy; nagnamafy anireo tamin'i Arona, tamin'ny akanjony, tamin'ny zanany lahy, sy tamin'ny akanjony zanany lahy i. Tahaka an'izay ro nanokanany an'i Arona sy ny akanjony, de reo zanany lahy sy ny akanjony ho an'i Yaveh.³¹ Ko de nitarogna tamin'i Arona sy ny zanany lahy i Mosesy hoe: "apangotraho eo amin'ny fidirana mandeha agny amin'ny tragno-lay fihaognana ny hena, de hano zay sy ny mofo ze ao agnatiny haron'ny fagnamasinana, araka ny nandidiako, nanao hoe: 'Hihinana anizay i rona sy ny zanany lahy.'"³² Ze aby sisa amin'ny hena sy ny mofo de aoka hodoroanao.³³ Aza mienga eo amin'ny tragnolay fihaognana ao agnatiny hafitoana agnareo, mandrapahatateraka ny andron'ny fanokagnana anareo. Fa i Yaveh ro hagnamasina anareo amin'ny hafitoana.³⁴ Ze efa natao tandroany--de nodidian'i Yaveh mba ho vita mba hanaovana fagnoregnana ho anareo.³⁵ Hitoatsa andro aman'aligna ao amin'ny fidiran'ny tragnolay fihaognana mandritsa ny hafitoana agnareo, sady hitandrigna ny didin'i Yaveh, mba tsa ho maty agnareo, satria zay ro efa nandidian'ny anahy.³⁶ Ko de nanao anireo raha aby reo ze nandidian'i Yaveh an-dreo tamin'ny alalan'i Mosesy i Arona sy ny zanany lahy.

9 ¹Tamin'ny andro fahavalo de nakehin'i Mosesy i Arona sy ny zanany lahy de reo loholon'i Israely. ²Nitarogna tamin'i Arona i nanao hoe: "Mangalà zanak'ômby hatao fagnatitsa nohon'ny ota, de zanak'ondry tsa misy kilema hatao fagnatitsa doroana, de hatolotsa eo alohan'i Yaveh reo." De agnao mba hitarogna amin'ny vahoakan' Israely ko hanao hoe: "Mangalà osy lahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota de zanak'ômby sy zanak'ondry, samy heritaogna sady tsa misy kilema, ho an'ny fagnatitsa doroana; ⁴mangalà koa ômby sy ondry lahy ho an'ny fagnati-pihavagnana mba ho sorogna eo alohan'i Yaveh, de fagnatitsa voamifangaro amin'ny diloilo, satria hiboaka aminao androany i Yaveh. " ' ⁵Ko nitondra anireo aby ze nandidian'i Mosesy ho ao amin'ny tragno-lay fihaognana reo, de nagnatogna ny fiangonan'Israely aby de nitsangagna teo alohan'i Yaveh. ⁶De nitarogna i Mosesy hoe: "Izao ro nandidian'i Yaveh anaoreo mba hatao, mba hahafan'ny voninahiny miseho minareo." ⁷Nitarogna tamin'i Arona i Mosesy hoe: "mandihiana eo agnilan'ny alitara de atoloro ny fagnatitsa nohon'ny otanao sy ny fagnatitsa doroan, de manaova fagnoregnana ho an'ny tagnanao sy ho an'ny vahoaka, de atoloro ho an'ny vahoaka mba hanaovana fagnoregnana ho an-dreo ny sorogna, araka ze nandidian'i Yaveh. " ⁸Ko nandeha ndriny ny alitara i Arona de namono ny zanak'ômby hatao fagnatitsa nohon'ny ota, ze ho an'ny tagnany. ⁹Natoron'ny zanaka lahin'i Arona tamin'ny rà, de nandroboka ny ratsan-tagnany tagnatiny zay i sady nametraka anizay eo ambonin'ny tandroky ny alitara; avy eo de nagnisy ny rá teo amin'ny fagnambanin'ny alitara i. ¹⁰Neko zay aza, nandoro ny sabora, ny voa, de reo sarak'aty teo ambony alitara hatao fagnatitsa nohon'ny ota araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy i. ¹¹Ny hena sy ny hoditsa de nodoroany teo ivelan'ny toby. ¹²Novonoan'i Arona ny fagnatitsa doroana, de namen'ny zanany lahy anazy ny ràny, ze nahosony tegny amin'ny lafin'ny alitara aby. ¹³De namen-dreo anazy isaky ny apahany ny fagnatitsa doroana, miaraka amin'ny lohany, de nandoro anizay teo ambony alitara i. ¹⁴Nanasa ny tao agnatiny sy ny tao amin'ny tongony i de nodoroany teo ambony alitra reo. ¹⁵Nanolotsa ny soron'ny vahoaka i Arona--osy lahy raika, de nangalaka anizay hatao sorogna nohon'ny otan-dreo namonoany anizay ; nanao sorona zany nohon'ny otany , araka zay nataony tamin'ny osy lahy voalohany . ¹⁶Nampiseho ny fagnatitsa dorana sy nagnome zay araka zay nandidian'i Yaveh izy. ¹⁷Nampiseho ny fagnatitsa voa y; nameno ny tagnany tamin'izay y de nandoro zany teo ambony alitara, miaraka amin'ny fagnatitsa dorana maraaigna. ¹⁸Novonoany hany koa ny omby sy ny osy lahy, sorogna ho an'ny fagnati-pivavahana, zay ho an'ny ona .Nomen'ny zanaka lahin'i Arona anazy ny rany, zay namafy teny amin'ny lafin'ny alitara aby. ¹⁹Na zany aza, nalan-dreo ny tsaboran'ny omby sy ny osy lahy, ny tsabora zay mandrakotsa ny tao agnatiny, reo voa, ary ny sarak'aty ²⁰Nangalaka ny zara zay voarasa reo de nametraka zany teo ambonin'ny tratrany , de nandoro ny sabora teo ambonin'ny alitara i Arona. ²¹De Arona nagnevaheva reo tratra sy ny feny havanana ho fagnatitsa ahevaheva teo alohan'i Yaveh , araka ny efa nandidian'i Mosesy. ²²De nanandratsa ny tagnany teo amin'ny vahoaka i Arona de nitso-drano an-dreo; de nidigna avy amin'ny fagnaterana ny fagnatitsa noho ny ota y , ny fagnatitsa dorana , de ny fagnati-pivavahagna . ²³Niditsa tao amin'ny tragno-lay fihaonana i Mosesy sy Arona, avy eo de nienga koa reo ko nitso-dr ano ny vahoaka , de niseho tamin'ny ona aby ny voninahitr'i Yaveh. ²⁴Nisy afo nienga avy any amin'i Yaveh ko nandevogna ny fagnatitsa dorana sy ny sabora teo ambony alitara. Rehefa nahita zany ny ona aby, de nihiaka reo de nampihohoka ny tavany.

10 ¹adaba sy Abiho , zanaka lahin'i Arona, de samy nangnalaka ny fitondran'afony, nagnisy afo teo amin'izay, de avy eo didin-kazo magnitsa. Avy eo reo nanolotsa afo tsa nikena teo agnatrehan'i Yaveh, ze tsa nandidiana an-dreo mba hatolotsa. ²Ko nisy afo nivoaka teo agnatrehan'i Yaveh de nandevogna an-dreo, de maty teo agnatrehan'i Yaveh eo. ³Sy avy eo i Mosesy nitarogna tamin'i Arona hoe: "Izao ro nirisahan'i Yaveh sy efa nitarogna i hoe: 'Hilaza ny fahamasinako amin'ny ze avy mandriny Anahy Aho. Homem-boninahitsa eo agnatrehan'ny vahoaka aby Aho. " ' Tsa nitarogna na ina na ina i Arona. ⁴Nangaika an'i Misaela sy Elzafana, zanaka lahin'i Oziela rahalahin-drain'i Arona i Mosesy, de nitarogna tamin-dreo hoe: "Mandihiana aty de fero egny ivelan'ny toby tsa ho eo agnatrehan'ny tabernakely ny rahalahinareo." ⁵Ko nagnatogna mariny an-dreo de nitondra an-dreo vona nanao ny akanjo lava maha-pisorogna an-dreo tegny ivelan'ny

toby, araka ny efa nolazain'i Mosesy.⁶ Sy avy eo i Mosesy de nitarogna tamin'i Arona sy Eleazara de Itamara, ny zanany lahy hoe: "Aza avela hisaritaka ny ny volo eo an-dohanareo, de aza rovitina ny akanjonareo, mba tsa ho maty agnareo, sady mba tsa hasiaka amin'ni Fiangonana aby i Yaveh. Fa avilao ny havanareo, ny taranak'Israely aby, mba hisaogna amin'ny ze nodoroan'ny afon'i Yaveh. ⁷Aoka tsa handeha ivelan'ny fidirana ao amin'ny lay fihaognana agnareo, le tsa zay de ho maty agnareo, satria aminareo ny diloilo fagnosoran'i Yaveh. "Ko nanao araka ny tarognin'i Mosesy reo. ⁸Niresaka tamin'i Arona i Yaveh hoe: ⁹"Aza misotro divay na raha fisotro mahery, agnao, na ny zanakao lahy ze sisa miaraka aminao, sy efa mandeha agny amin'ny lay fihaognana, mba tsa ho maty agnareo. Ho lalàna maharitsa ho an'ny taranaky ny vahoakanao zay,¹⁰ mba hagnavahana ny masina sy ny tsa masina, de ny maloto sy ny madio,¹¹ ko mba hapianatsa ny vahoakan'Israely ny lalàna aby ze nandidian'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy agnao. ¹²Niresaka tamin'i Arona sy Eleazara de i Itamara, zanany lahy sisa tavela i Mosesy hoe: "Alao ny fagnatitsa hoanina ze tavela avy tamireo fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, de hoano miaraka amin'ny lalivay eo agnilan'ny alitara zay, satria masina indrindra zay. ¹³ Aoka agnareo hihinana anizay ao amy toerana masina, satria anjaranao sy anjaran'ny zanakao lahy tamin'i fagnatitsa vita tamin'ny afo ho an'i Yaveh zay, fa izay ro nandidiany Anahy ho lazaina aminao¹⁴ Ny tratrany sy ny mihevaheva sy ny feny ze atoro an'i Yaveh, de aoka ho hoaninareo egny amin'ny toerana madio iken'Andriamagnitsa. Agnao sy reo zanako lahy de reo zanako vavy de tokony mihinana ny anjara reo, fa efa nomena ho anjaranao sy anjaran'ny zanakao lahy avy hatamin'ny sorogna ny fagnati-pihanavagnan'ny vahoakan'Israely reo. ¹⁵ Ny feny ze hatoro sy ny tratrany ze mihevaheva, de tsy maintsy ferin-dreo miaraka amin'ny sabora natao tamin'ny afo, mba hahevaheva eo agnatrehan'i Yaveh. Ho anao sy ny zanakao lahy miaraka aminao tahaka ny anjara mandrakizay reo, araka ny nandidian'i Yaveh. ¹⁶Avy eo Mosesy nagnotany momba ny osy natao fanatitsa nohon'ny ota, de nahita fa may zay. ko nasiaka tamin'i Eleazara sy Itamara, zanaka lahin'i Arona sisa tavela i; zaoro nataony hoe: ¹⁷ Nahoana agnareo ro tsa nihinana ny fagnatitsa nohon'ny ota tamin'ny faritsa ny tabernakely, fa zay ro masina indrindra, de efa nomen'i Yaveh agnareo mba hagnesorana ny heloky ny fivondrognana zany, mba ho fagnonerana ho an-dreo teo agnatrehany?¹⁸ Io, ny ràny de tsa noferina tao agnatin'ny tabernakely, ze tokony hohaninareo tao amin'ny faritsa ny tabernakely, araka ny nandidiako." ¹⁹Avy eo Arona namaly an'i Mosesy hoe: " Io , androany ro nanaovan-dreo ny fagnatitsa nohon'ny otany sy ny fagnatitsa doroany eo agnatrehan'i Yaveh, de zao raha zao de nitranga taminahy androany . Lehe nihinagna ny fagnatitsa nohon'ny ota aho androany , moa ve nankasitrahana teo imason'i Yaveh zao?"²⁰ Sy efa ren'i Mosesy zao , de afapo i.

11

¹Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh , nanao hoe: ² Mitarògna amin'ny vahoakan'Israely , manao hoe; ' Reto aby ny raha-managn'aina ze azonareo hoanina eo amin'ny biby aby ze eto ambonin'ny tany.³ Afaka mihinana ny biby aby ze mivaky kitro sy magnapody ota agnareo.⁴ Na zao aza , na magnapody ota na mivaky ota aza reo biby sasany, de aoka agnareo tsa hihinana anazy reo, de ny biby tahaka ny rameva, satria magnapody ota i fa tsa mivaky kitro. Noho zao de maloto ho anareo ny rameva.⁵ Ny hyraka ihany koa , satria namerign'ota i fa tsa mivaky kitro, maloto ho anareo ihany koa zao. ⁶Ny bitro, de maloto ho anareo, satria magnapody ota i , fa tsy mivaky kitro .⁷ Ny kisoa , neko de mivaky kitro aza , de tsy magnapody ota i , ko maloto ho anareo ⁸. Aoka agnareo tsa hihinana amin'ny henan-dreo , na hikasika ny fatin-dreo . Maloto ho anareo reo.⁹ Ny biby aby miaigna agnaty ze azonareo hoanina de reo ze managna vombony sy kirany, na ao amin'ny ranomasina na ao amin'ny renirano. ¹⁰Fa reo raha managn-aina aby ze tsa misy vombony sy kirany ao agnaty ranomasina na ao agnaty renirano de tsa azonareo hoanina, ao agnatin'izay ny ze mihitsika ao agnaty rano sy ny mangn'aina aby ze ao agnaty rano--aoka ho halanareo reo. ¹¹Fa aoka hankalaina reo, aoka agnareo tsa hihinana ny henany; de ny fatiny ko tsa hoaninareo sady hoalanareo. ¹² Ze aby tsa misy vombony sy kirany ao agnaty rano de aoka tsa ho tiànareo. ¹³ Reto aby reo vorogna zay tsy maintsy hankalazainareo sy tsa tokony ho haninareo: de ny voromahery, ny voltora¹⁴ , ny papango , ny karazana ankoay aby , ¹⁵ ny karazana goaika aby ¹⁶ , ny vorondolo sy ny vorondolo magneno, ny voron-drano , de ny karazana ankoay aby . ¹⁷ Aoka agnareo tsa ho tia ny vorondolo kely sy ny vorondolo lihibe , ny manarana hany koa,¹⁸ ny vorondolo fotsy sy ny vorondolo sompitra, ny ibisa,¹⁹ ny vano, ny karazana vagnobe aby, ny takidara, de ny ramanavy koa.²⁰ Ny bibikely managn'elatsa aby ze mandeha amin'ny tongotsa efatsa de fahavetavetana ho anareo.²¹ Afaka mihinana ny bibikely mitsidigna aby ze mandeha amin'ny tongotsa efatsa agnareo lehe magna-tongotsa ambonin'ny faladiany hitsotiany eo amin'ny tany hiany reo. ²² Afaka mihinagna ny karazana valala lihibe, solama, ny valala kely, na ny apanga aby hany koa agnareo. ²³ Fa reo bibikely mitsidigna aby zay managna tongotsa efatsa de tsy maintsy hankahalainareo. ²⁴ he mikasika ny fatin'ny raika amindreo agnareo de haloton-dreo biby reo mandrapaharivan'ny andro. ²⁵ Na ia na ia mitsipogna ny raika amin'ny fatin-dreo de tsy maintsy manasa ny fitafiany de miegnina maloto mandra-paharivan'ny andro. ²⁶ Ny biby aby mivaky kitro ze tsa mizara soa na tsa mamadik'ota de maloto ho anareo. Ze mikita anireo de haloto .²⁷ Ze aby mandeha amin'ny tongony amin'ireo biby aby ze mandeha amin'ny tongotsa efatsa, de maloto ho anareo. Na ia na ia mikitika ny fatiny de haloto mandra-paharivan'ny andro. ²⁸ Na ia na ia mitsimpogna ny fatiny de tsy maintsy manasa ny fitafian-dreo de maloto mandra-paharivan'ny andro. Reo biby reo de haloto ho anareo. ²⁹ Lehe ny amin'ny biby ze mandady amin'ny tany de reto aby ny biby ze haloto ho anareo: ny kionkiona, ny voalavo, ny karazana androngo lihibe aby , ³⁰ ny katsatsaka, ny anakà, ny androngo, ny androngom-pasika , de ny tagnalahy. ³¹ Amin'ireo biby mandady aby, de reo biby ze haloto ho anareo. Na ia na ia mikasika an-dreo sy efa maty reo de haloto mandra-paharivan'ny andro. ³² Lehe maty ny sasany amin'ireo ko mitrotraka amin'ny raha, de haloto zao raha zao, na vita tamin'ny hazo, na lamba, na hoditsa, na lamba fisaognana zao. Na ina na ina zay sady na ina na ina apesana

anazy, de tsy maintsy aroboka agnaty rano; haloto zay mandra-paharivan'ny andro. De hadio sy avy eo.³³ Ny vilagny tanimanga aby ze hitrotrahany biby maloto ao agnaty na eo aminazy, na ina na ina ao agnatin'ny vilagny de haloto, de tsy maintsy potehinareo zay vilagny zay.³⁴ Ny hanina aby ze madio sy azo hoanina, kanefa nitrotrahan'ny rano avy hatamin'ny vilagny maloto raika, de haloto. Ze aby mety ho nosotroana tamin'ny vilagny tahaka anizay de haloto.³⁵ Ze aby nitrotrahany ny fatim-biby maloto de haloto, na lafaoro zay na vilagny fandrahoana. Tsy maintsy potehina zay. Maloto zay ko tokony tsa haloto ho anareo.³⁶ Ny loharano na famorian-drano hagnangonana ny rano fisotro de hadio hiany lehe misy biby tahaka an'izay mitrotraka ao agnaty. Fa lehe misy ona mikiasika ny fatin'ny biby raika ao agnaty rano, de haloto i.³⁷ Lehe misy apahany amin'ny fatim-biby maloto de mitrotraka eo amboniny voa famboly, de hadio hiany koa reo voa reo.³⁸ Fa lehe tondrahana rano ny voa, de lehe misy apahany amireo faty reo mitrotraka eo amireo, de haloto ho anareo reo.³⁹ Rehe misy biby azonareo ho hanina maty, de haloto mandra-paharivan'ny andro ny nikasika ny fatiny.⁴⁰ Na ia na ia mihinana amin'io faty io de tsy maintsy manasa ny fitafiany de haloto mandra-pahaivan'ny andro. Ze mitsipogna ny faty tahakan'izao de hanasa ny fitafiany de haloto mandra-paharivan'ny andro.⁴¹ Ny biby aby ze mandady amin'ny tany de hankahalaina; aoka tsa hohanina zao.⁴² Ze mandady amin'ny kibony, de ze mandeha amin'ny tongony efatsa, na ny managna tongotsa be reo biby mikisaka amin'ny tany, reo ro tsy azonareo hoanina, satria hankahalaina reo.⁴³ Aoka agnareo tsa handoto ny tegnanareo amin'ny zava- managnaina mandady aby; aoka tsa handoto ny tegnanareo amin'ireo agnareo, fa haloto amin'ireo agnareo.⁴⁴ Fa aho ro Yaveh Andriamagnits'anareo. Tokony ho tananareo ho masina ny tegnanareo, noho zao, masina, satria masina Aho. Aoka tsa handoto ny tegnanareo amin'ny karazam-biby aby ze mandady amin'ny tany agnareo.⁴⁵ Fa Iaho ro Yaveh, ze nitondra anareo niala avy tagny Egypta, mba ho Andriamagnitsareo. Noho zao aoka agnareo ho masina, satria Iaho de masina.⁴⁶ Zao ro lalàgna momba reo biby, reo vorogna, reo zava-managnaina aby ze mihitsika ao agnaty rano, de ny biby aby ze mikisaka amin'ny tany, ⁴⁷satria tokony hisy fagnavahana eo amin'ny maloto sy ny madio, de eo amin'ny zava-managn'aina ze azo hoanina sy reo zava-managn'aina ze tsa azo hoanina. " "

12 ¹Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: ²"Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely, manao hoe: 'Lehe misy apela mananjanaka ko miteraka zazalahy, de haloto mandritsa ny fito andro i, tahaka ny fahalotoany mandritsa ny andro fadimbolany.³ Amin'ny andro faha-valo de aoka hofiraina ny lohatsitsin'ny zazalahy.⁴ Avy eo ny fagnadiovana ny reny avy amin'ny ràny de hitohy mandritsa ny telo amby telopolo andro. Tsa tokony hikitika raha masina hiditsa ao amin'ny faritsan'ny tabernakely mandra-pahatapitsan'ny ny andro fadiovana anazy.⁵ Fa lehe teraka zazavavy i, de haloto mandritsa ny roa herignandro, tahaka ny mandritsa ny fadimbolany. De haloto mandritsa ny enina amby enimpolo andro ny fagnadiovana ny reny.⁶ Rehefa vita ny andro fagnadiovana anazy, na ho an'ny zanaka lahy na zanaka vavy, de tsy maintsy mitondra ondry heritaogna raika ho fagnatitsa doroana i, de zana-boromahilala roa na domoina mba ho fagnatitsa nohon'ny ota, ho eo amin'ny fidirana ao amin'ny fihagnana, ho eo amin'ny mpisorogna.⁷ Avy eo i de hanolotsa zao eo agnatrehana i Yaveh de hanao fagnoregnana ho anazy, de ho avy voadio amin'ny fikorignan'ny ràny i. Zao ro lalàna amin'ny apela ze miteraka na zazalahy na zazavavy.⁸ Lehe tsa afaka manolotsa ondry i, de tsy maintsy mangalaka vorimahilala roa na zana-boromahilala roa, ny raika ho fagnatitsa doroana de ny raika hafa ho fagnatitsa nohon'ny ota, de hanao fagnoregnana ho anazy ny mpisorogna; de hadio i avy eo.

13

¹Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh, nanao hoe: ²"Sy efa misy mamontsigna na manako-pery na mifaritsa mangiragna amin'ny hoditsan'ny vatany, ko roso mpamindra an'izay de misy aretin-koditsa ny vatany, de tsy maintsy hoferina agny amin'ny Arona mpisorognabe i, na amin'ny raika amin'ny zanany lahy mpisorogna.³ Avy eo ny mpisorogna de hijery ny aretina eo amin'ny hoditsan'ny vatany. Lehe nivadika fotsy volo eo amin'ny faritsan'ny aretina, de lehe hita fa laligna loatsa noho ny eo amin'ny hoditsa fotsiny ny aretina, de lasa areti-mifindra zao. De afaran'ny fijeren'ny mpisorogna anazy, de tsy maintsy magnambara anazy hoe maloto i.⁴ Lehe fotsifotsy ny mifaritsa mangiragna amin'ny hodiny, de ny pozin'izao de tsa laligna noho ny amin'ny hoditsa, de lehe tsa mivadika fotsy volo amin'ny faritsana, de tsa maintsy atokan'ny mpisorogna monigna mandritsa ny hafitoana ny raika misy aretina.⁵ Amin'ny andro fahafito, de tsy maintsy mijery anazy ny mpisorogna mba hijery lehe tsa miha-ratsy ny aretina lehe ny heviny, de lehe tsa miparitaka amin'ny hoditsa zay. Lehe tsa misy zay, de tsy maintsy mampitoka-monigna anazy mandritsa ny hafitoana na mpisorogna.⁶ Hijery anazy koa ny mpisorogna amin'ny andro fahafito mba hijery raha miha-soa ny aretina de tsa miparitaka manerana ny hoditsa. Lehe tsa misy zay, de hilaza anazy ho madio ny mpisorogna. Manako-pery zay. Tsy maintsy manasa ny fitafiany i, ko de hadio i.⁷ Fa lehe miparitaka amin'ny hoditsa koa zay fery zay tafaran'ny nam-pisehoany ny tegnany tamin'ny mpisorogna ny amin'ny fahadiovana.⁸ De tsy maintsy hagneno ny tegnany eo amin'ny mpisorona koa i avy eo. Hijery anazy ny mpisorogna mba hijery raha niparitaka manerana ny hoditsa ny fery. Lehe niparitaka zay, de tsy maintsy magnambara anazy ho maloto ny mpisorogna. Areti-mifindra zay.⁹ Lehe misy areti-koditsa mifindra amin'ny ona, de tsy maintsy ferina agny amin'ny mpisorogna i.¹⁰ Hijery anazy ny mpisorogna mba hijery raha misy mamontsina fotsy amin'ny hoditsa, lehe mivadika fotsy ny volo, na lehe misy nofo mangana amin'ny mamontsina.¹¹ Lehe misy, de areti-koditsa mitaiza zay, de tsy maintsy milaza anazy ho maloto ny mpisororogna. Tsy hanokana monina anazy i, satria efa maloto i.¹² Lehe miparitaka be amin'ny hoditsa ny aretina sady mandrakotsa ny hoditsin'ny ona aby ny aretina hatragny amin'ny tampon-dohany ko zizika amin'ny tongony, lehe vo hitany mpisorogna zay,¹³ de tsy maintsy

hijery anazy ny mpisorogna mba hijery ny raha mandrakotsa ny vatany aby ny aretina. Lehe misy zay, de tsy maintsy mitarogna ny ona misy aretina ho madio ny mpisorogna. Lehe nivadika fotsy aby zay, de madio i.¹⁴ Fa lehe misy nofo mangana miboaka eo aminazy, de haloto i.¹⁵ Tsy maintsy mijery ny nofo mangana ny mpisorogna de mitarogna anazy ho maloto satria maloto ny nofo mangana. Areti-mifindra zay.¹⁶ Fa lehe mivadika fotsy ndraika ny nofo mangana, de tsy maintsy mandeha agny amin'ny mpisorogna ny ona .¹⁷ Hijery anazy ny mpisorogna mba hijirena raha nivadika fotsy ny nofo. Lehe nivadika zay de hitarogna ny ona ho madio ny mpisorogna.¹⁸ Lehe misy bay eo amin'ny hoditsy ny ona raika ko sitragna zay,¹⁹ de lehe misy mibotsigna na holatsy ny fery, mena fotsy eo amin'ny toerany bay, de tsy maintsy atoro ny mpisorogna zay.²⁰ Hijery anizay ny mpisorogna mba hijery ny raha miha-milentika agnatiny hoditsa zay, sady lehe mivadika fotsy ny volo eo. Lehe izay, de tsy maintsy mitarogna anizay ho maloto ny mpisorogna. Areti-mifindra zay, lehe mitombo eo amin'ny fitoerany ze nisy ny bay zay.²¹ Lehe mijery anizay ny mpisorogna ko mahita fa tsa misy volo fotsy eo, sady tsa ao ambanin'ny hoditsa zay fa efa niala, de tsy maintsy hatokan'ny mpisorogna mitoatsa mandritsa ny hafitoana i.²² Lehe miparitaka be amin'ny hoditsa zay, de tsy maintsy milaza anazy hoe maloto ny mpisorogna. Areti-mifindra zay.²³ Fa lehe miegnina amin'ny toerany ny holatsy ny fery fa tsa miparitaka, de holatsy ny bay zay, ko tsy maintsy hitarogna anazy hoe madio ny mpisorogna.²⁴ Sy efa misy may ny hoditsa sady nanjary somary mena-fotsy nako faritsa fotsy ny nofo mangagna may,²⁵ de hijery anizay ny mpisorogna mba hijery lehe hivadika fotsy ny volo amizay faritsa zay, sady lehe hita fa laligna mihoatsa noho ny teo amin'ny hoditsa zay. Lehe misy zay, de areti-mifindra. de tsy maintsy mitarogna anazy hoe maloto ny mpisorogna. Areti-mifindra zay.²⁶ Fa lehe mijery anizay ny mpisorogna ko mahita fa tsa misy volo fotsy amin'ny faritsa, sady tsa ao ambanin'ny hoditsa fa matroka, de tsy maintsy hatokan'ny mpisorogna monigna mandritsa ny hafitoana i.²⁷ Sy avy eo de tsy maintsy mijery anazy ny mpisorogna amin'ny andro fahafito. Lehe nipsritaka be tamin'ny hoditsa zay, de tsy maintsy milaza anazy hoe maloto ny mpisorogna, Areti-mifindra zay.²⁸ Lehe miegnina eo amin'ny toerany ny faritsa sady tsa miparitaka amin'ny hoditsa fa matroka, de famotsignana avy amin'ny may zay, de ny mpisorogna de tsy maintsy mitarogna anazy hoe madio, fa raha ny holatsy ny may.²⁹ Lehe misy lihilahy na apela misy areti-mifindra eo amin'ny loha na saoka,³⁰ de tsy maintsy mijery ny ona amin'ny areti-mifindra ny mpisorogna mba hijery raha miseho laligna loatsa mihoatsa ny eo amin'ny hoditsa zay, de lehe misy mavomavo, de tsy maintsy mitarogna anazy hoe maloto ny mpisorogna. Hihidy zay, areti-mifindra eo amin'ny loha na eo amin'ny saoka zay.³¹ Lehe mijery ny aretin'ny hihidy ny mpisorogna ko mahita fa tsa eo ambanin'ny hoditsa zay, sady lehe tsa misy volo mainty amizay, de hapitoka-monigna ny ona misy aretin'ny hihidy ny mpisorogna mandritsa ny hafitoana.³² Amin'ny andro fahafito de hojery ny aretina ny mpisorogna mba hijery raha niparitaka zay. de lehe tahaka ny hatevin'ny hoditsa fotsiny ny fahitana ny aretina,³³ de tsy maintsy solona i, fa ny faritsa misy ny aretina de tsa tokony ho soloana, de ny mpisorogna de tsy maintsy hapitoka-monigna ny ona amin'ny aretin'ny hihidy mandritsa ny hafitoana.³⁴ Amin'ny andro fahafito de hijery ny aretina ny mpisorogna mba hijery raha niegnina niparitaka tamin'ny hoditsa zay. Lehe hita ho tsa matevigna noho ny hoditsa zay, de tsy maintsy hitarogna anazy ho madio ny mpisorogna. tsy maintsy manasa ny akanjony ny ona, de hadio i sy ahateo.³⁵ Fa lehe miha-miparitaka amin'ny hoditsa ny aretin'ny hihidy tafaran'ny nitarognany mpisorogna hoe madio i,³⁶ de tsy maintsy mijery anazy ndraika ny mpisorogna. Lehe miparitaka amin'ny hoditsa ny aretina, de tsa mila mitadia volo mavomavo koa ny mpisorogna. Maloto ny ona.³⁷ Fa lehe amin'ny afjerin'ny mpisorogna de efa niegnina niparitaka ny aretin'ny hihidy de nisy volo mainty nitsiry teo amin'ny faritsa, sy avy eo de sitragna ny aretina. Madio i, de tsy maintsy mitarogna anazy ho madio ny mpisorogna.³⁸ Lehe misy lihilahy na apela misy faritsa fotsy amin'ny hoditsa,³⁹ de tsy maintsy mijery ny ona ny mpisorogna mba hijery raha matroka ny faritsa, ze very vaky teo amin'ny hoditsa fotsiny hiany. de madio i.⁴⁰ Lehe mihitsagna amin'ny lohany ny volon'ny ona raika, de sola i, fa madio.⁴¹ Lehe mitrotraka hateo amin'ny tapon-dohany ny volony, de sola ny tapon-kandriny, de madio i.⁴² Fa lehe misy ratsa mena-fotsy eo amin'ny lohany sola na tapokn-kandriny, de areti-mifindra zayvaky aty ivelany zay.⁴³ Sy ahateo de tsy maintsy mijery anazy ny mpisorogna mba hijery raha mena-fotsy ny faritsa mivoto ny aretina eo amin'ny lohany sola na ny tapo-kandriny, tahaka ny endriky ny areti-mifindra amin'ny hoditsa.⁴⁴ Lehezay, de misy areti-mifindra sy maloto i. Tsy maintsy mitarogna anazy hoe maloto ny mpisorogna noho ny aretina eo amin'ny lohany.⁴⁵ Ny ona ze misy areti-mifindra de tsy maintsy manao akanjo rovitsa, tsy maintsy asarakorako ny volony, de tsy maintsy manarogna ny tarehiny zizika eo amin'ny orony i sady mangaikaika hoe: 'Maloto, maloto .' ⁴⁶ Mandritsa ny andro ze isiany areti-mindra aminazy de haloto i. Satria maloto ny aretina ze mety mifindra i. De tsy maintsy mipetra-drery. Tsy maintsy mipetraka agny ivelan'ny toby i.⁴⁷ Ny akanjo ze nifindran'ny maty fotsy, na volon'ondry zay na lamban-drongony fotsy majinika,⁴⁸ na raha vita tamin'ny tagnina na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony fotsy majinika na hoditsa na raha vita tamin'ny hoditsa - ⁴⁹ raha misy fifindrana manopy maintso na manopy mena amin'ny akanjo, ny hoditsa ny tagnona, na fitaovana fanjairana, na raha vita tamin'ny hoditsa, de maty fotsy miparitaka za; tsy maintsy atoro amin'ny mpisorogna zay.⁵⁰ Tsy maintsy mijery ny maty fotsy ny mpisorogna; tsy maintsy hatokany mandritsa ny hafitoana ny raha aby ze maty fotsy.⁵¹ Tsy maintsy mijery ndraika ny maty fotsy i amin'ny andro fahafito. Lehe niparitaka tamin'ny akanjo na raha vita tamin'ny tagnona, nozaairina tamin'ny volon'ondry na fitaovana tamin'ny rongony fotsy majinika, na hoditsa na raha ze napiasaina hoditsa, de maty fotsy mapidi-doza zay, de maloto zay raha zay.⁵² Tsy maintsy doroana ny akanjony, na raha vita tamin'ny tagnona, nozaraina tamin'ny volon'ondry na fitaovana rongony fotsy, na hoditsa na raha vita tamin'ny rongony fotsy, raha kely ze hita tamin'ny maty fotsy mapidi-doza i, fa mety hitondra aretina zay. Tsy maintsy doroana tanteraka zay.⁵³ Lehe mijery ny singa ny mpisorogna sady mahita fa tsa niparitaka tamin'ny akanjo na ny raha notenonina na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony, fitaovana hoditsa ny maty fotsy, de hibeko an-dreo i mba hanasa ny raha ze nahitana ny maty fotsy,⁵⁴ de tsy maintsy hatoka-

monigna mandritsa ny hafitoana zay.⁵⁵ Sy avy eo de hijery ny singa ny mpisorogna sy efa voasasa ny raha misy maty fotsy, Nako de tsa niova ny lokon'ny maty fotsy, de tsa niparitaka zay, de malooto foagna zay. Tsy maintsy doroanareo ny singa, na taia na taia ro nifindran'ny maty fotsy.⁵⁶ Lehe mijery ny singa ny mpisorogna, sady lehe matromatroka ny maty fotsy sy efa voasasa, de tsy maintsy mandriatsa ny faritsa maloto eo amin'ny akanjo na eo amin'ny rongony fotsy, na eo amin'ny tagnona na fitaovana fanjairana i.⁵⁷ Lehe vona miboaka amin'ny akanjo hatragny ny maty fotsy, na amin'ny tagnona na amin'ny fitaovana fanjairana, na amin'ny raha aby nto tamin'ny rongony fotsy, de miparitaka Zay. Tsy maintsy mandoro ny raha aby ze nisy ny maty fotsy agnareo.⁵⁸ Ny lamba na raha vita tamin'ny tagnona na nozairina tamin'ny volon'ondry na raha vita tamin'ny rongony fotsy, na hoditsa na raha vita tamin'ny hoditsa— lehe manasa agnareo ko miala ny maty fotsy, de tsy maintsy sasàna fagnindroany ny raha, de hadio zay.⁵⁹ Izay ro lalàna momba ny maty fotsy amin'ny akanjo volon'ondry na rongony fotsy majinika, na raha notenognina na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony fotsy majinika na hoditsa na raha vita tamin'ny hoditsa, mba hafahanareo milaza na madio zay na maloto

14

¹Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy, nanao hoe:² "Izay ro lalàna ho an'ny boka amin'ny andro fagnadiovana anazy. Tsy maintsy ferina agny amin'ny mpisorogna i.³ Hienga ny toby ny mpisorogna ko hijery ny ona mba hahafantarana azo sitragnina ny aretin-koditsa.⁴ Sy avy eo de hibeko ny mpisorogna fa ny fahadiovana de tsy maintsy mitondra vorogna velogna roa sdy madio, hazo sedera, kofehy jaky, de hysopa.⁵ Hibeko anazy mba hamono ny raika amin'ny vorogna eo amin'ny rano nalaina tamin'ny rano mandeha ze ao agnaty tavy tanimanga ny mpisorogna.⁶ Hangalaka ny vorogna velogna sy ny hazo sedera, de ny kofehy jaky sy ny hysopa avy eo ny mpisorogna, de hapitsoboka anireo raha reo, hatramin'ny vorogna velogna, ao amin'ny ràny vorogna ze novonoana tamin'ny tao amin'ny rano nalaina tamin'ny rano mandeha.⁷ Sy avy eo de hafafin'ny mpisorogna impito amin'ny ona hodiova amin'ny aretina zay rano zay, de sy avy eo de hitarogn anazy hoe madio ny mpisorogna. sy avy eo koa de hagnafaka ny vorogna velogna ho agny amin'ny saha malalaka ny mpisorogna.⁸ Ny ona voadio de hanasa ny fitafiany, hagnaratsa ny volony aby, sady hampandro ny tagnany ao agnaty rano, ko de hadio i. Afaran'izay de tsy maintsy hiditsa ao amin'ny toby i, kanefa hiegnina eo ivelan'ny lainy mandritsa hafitoana.⁹ Amin'ny andro fahafito de tsy maintsy hagnaratsa ny volom-bavany sy ny volo-masony hiany koa. Tsy maintsy hagnaratsa ny volony aby i, sady tsy maintsy manasa ny fitafiany sy mampandro ny tagnany ao agnaty rano: ko de hadio i.¹⁰ Amin'ny andro fahavalo de tsy maintsy hangalaka ny zanak'ondry lahy tsa misy kilema roa i, zanak'ondry vavy raika heritaogna tsa misy kilema, sy koba soa toto telo ampahafaolon'ny efaha nafangaro tamin'ny diloilo hatao fagnatitsa hoanina, de diloilo ray loga.¹¹ Ny mpisorogna ze magnadio anazy de hampitsangagna ny ona hodiova, miaraka amin'ny raha reo, eo alohan'i Yaveh eo amin'ny fidirana mandeha ao tragno lay fihaognana.¹² hangalaka raika amin'ny zanak'ondry lahy hatolotsa anizay hatao fagnatitsa nohon'ny heloka, miaraka amin'ny longan-diloilo ny mpisorogna; hagnevaheva ny fagnatitsa ahevaheva eo agnatrehan'i Yaveh i.¹³ Tsy maintsy hamono ny ondry lahy eo amin'ny toerana ze famonoan-dreo fagnatitsa nohon'ny ota sy fagnatitsa doroana i, ao amin'ny faritsy ny tabernakely, fa an'ny mpisorogna ny fagnatitsa nohon'ny ota, tahaka anizay koa ny fagnatitsa nohon'ny heloka, satria zay ro masina indrindra.¹⁴ Hangalaka amin'ny ràny fagnatitsa nohon'ny heloka ko hametraka anizay eo an-tendron-tsofigna havagnan'ny ona ze hodiova ny, eo amin'ny ankihiben-tongony havagnana ny mpisorogna.¹⁵ De hangalaka diloilo hatamin'ny loga ny mpisorogna ko handraraka anizay eo amin'ny felan-tagnany havia. De hangalaka ny loga ny mpisorogna ko handraraka anizay eo amin'ny felan-tagnany havia,¹⁶ sady hanjoboka ny ratsan-tagnany havagnana ao agnatin'ny diloilo eo amin'ny tagnany havia, de hamafy impito avy amin'ny diloilo amin'ny ratsan-tagnany eo alohan'i Yaveh.¹⁷ De hagnosotsa ny ambin'ny diloilo teo amin'ny tagnany eo amin'ny tendron-tsofigna havagnan'ny ona hodiova, ny ankihiben-tagnany ankavagnana, de ny ankihiben-tongony an-kavagnana ny mpisorogna. Tsy maintsy mametraka anizay diloilo zay eo ambanin'ny rà avy hatamin'ny fagnatitsa nohon'ny heloka i.¹⁸ De ny amin'ny ambin'ny diloilo ze eo antagnan'ny mpisorogna, de hagnosotsa anizay eo amin'ny lohany ona hodiova i, de ny mpisorogna de hanao fagnavotana ho anazy eo agnatrehan'i Yaveh.¹⁹ avy eo de hanolotsa fagnatitsa nohon'ny ota sy hanao fagnavotana ho anazy ze ho diova nohon'ny fahalotoany mpisorogna, de afaranizay de hamono ny fagnatitsa doroana i.²⁰ De sy avy eo de hanolotsa ny fagnatitsa doroana sy fagnatitsa hohanina eo ambony alitara ny mpisorogna. hanao fagnavotana ho an'ny ona ny mpisorogna, de hadio i.²¹ Fa zao, lehe mahantra sy tsa managna anireo sorogna reo ny ona, de tokony hangalaka zanak'ondry lahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny heloka mba haevaheva i, mba hanaovana fagnavotana ho an'ny tagnany, sy koba soa toto raika am-pahafolon'ny efaha nafangaro diloilo hatao fagnatitsa hoanina, de diloilo ry loga,²² miaraka amin'ny domoigna roa na zana-borimailala roa, araka ny tratrany; vorogna raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota de ny hafa hatao fagnatitsa doroana. Amin'ny andro fahavalo de tsy maintsy mitondra anireo ho an'ny fagnadiovana²³ anazy eo amin'ny mpisorogna i, eo amin'ny fidirana mandeha ao amin'ny tragno lay fihaognana, eo agnatrehan'i Yaveh.²⁴ hangalaka zanak'ondry hatao fagnatitsa ny mpisorogna, sady halainy miaraka amizay ny menak'oliva ray loga, de hanadratra anizay ambony ho fanehoana an-dreo amin'ny Yaveh i.²⁵ Hamono ny zanak'ondry ho amin'ny fanatitsa nohon'ny heloka ko hagnisy anizay eo amin'ny tendro-tsofigna havagnana ho diova, de amin'ny ankihiben-tagnany ankavagnana, de eo amin'ny ankihiben-tongony an-kavagnana.²⁶ Sy avy eo de handraraka amin'ny diloilo eo am-pelatagnany an-kavia ny mpisorogna,²⁷ de hamafy im-pito amin'ny ratsan-tagnany an-kavagnana amin'ny diloilo ze eo amin'ny tagnany an-kavia eo agnatrehan'i Yaveh i.²⁸ De hagnisy amin'ny diloilo ze eo amin'ny tagnany ny tendron-tsofigna an-kavagnana ny hodiova ny mpisorogna, ny an-kihibentagnany havagnana, sy ny ankihiben-tongony

havagnana, eo amin'ny faritsa nasiany ny rà'n'ny fagnatitsa nohon'ny heloka hiany.²⁹ Hasiyany ny ambin'ny diloilo ze eo amin'ny tagnany ny lohan'ny hodiovina, mba hanaovana fagnavotana ho an-dreo eo agnatrehan'i Yaveh.³⁰ Tsy maintsy manolotsa raika amin'ny domoigna na ny zana-boromahilala, araka ze izy--³¹ raika fagnatitsa nohon'ny ota de ny raika fagnatitsa doroana, miaraka amin'ny fagnatitsa voa. Sy avy eo de hanao fagnavotana ho an'ny ho diovina eo agnatrehan'i Yaveh ny mpisorogna.³² Izay ro lalagna ho an'ny ona ze misy areti-koditsa mifindra, ze tsa mahatakatra ny fagnatitsa mahazatsa ho an'ny fagnadiovina anazy.³³ Nitarogna tamin'i Mosesy sy tamin'i Arona i Yaveh, nanao hoe: ³⁴ "Lehe avy amin'ny tany Kanana ze nameko ho fanagnanareo agnareo, sady lehe magnisy maty fotsy ze miparitaka ao amin'ny tragno ao amin'ny tany ze fanagnanareo Aho,"³⁵ de tsy maintsy avy mapilaza ny mpisorogna ze tompo'ny tragno. Aoka i hanao hoe: "deko misy raha tahaka ny maty fotsy ao andragnoko."³⁶ Avy eo de handidy an-dreo ny mpisorogna mba hagnafoagnan-dreo ny tragno mialohan'ny hidirany ao hijery ny maty fotsy, mba tsa hisy na ina na ina ho voaloto ao amin'ny tragno. Afaranizay de tsy maintsy hiditsa ao mba hijery ny tragno ny mpisorogna a.³⁷ Tsy maintsy mijery ny maty fotsy i lehe ny amin'ny rindrin'ny tragno zay, sady hijery lehe manopy maintso na manompy mena ny filitehany eo amin'ny rindrin'ny tragno.³⁸ Lehe misy maty fotsy ny tragno, de hienga ny mpisorogna ko hagnidy ny varavarany tragno mandritsa ny hafitoana.³⁹ De hipody ndraika ny mpisorogna amin'ny andro fahafito ko hijery anizay mba hamatarana lehe niparitaka amin'ny rindrin'ny tragno ny maty fotsy.⁴⁰ Lehe izay, de hibeko ny amin'ny hagnalan-dreo ny vato ze nahitana ny maty fotsy ny mpisorogna ko hanipy anireo agny amin'ny toerana maloto ivelan'ny tanàna.⁴¹ Hapikikisany ny rindrina ny tragno, de tsy maintsy harian-dreo agny ivelan'ny tanàna ny kikiny ze mamindra de hariany agny amin'ny toerana maloto zay.⁴² Tsy maintsy mangalaka vato hafa reo sady mametraka ny amin'ny toerany vato ze nalainy, de tsy maintsy mampiasa tanimanga vaovao reo mba handalorana ny tragno.⁴³ Lehe mipody ndraika ny maty fotsy ko mamariparitaka ao amin'ny tragno ze vo avy nisy vato nalaina sy rindrina vo avy nokikisana sady avy napody nolalorana,⁴⁴ de tsy maintsy miditsa ao ny mpisorogna ko mijery ny tragno mba hijery raha niparitaka ao amin'ny tragno ny maty fotsy. Lehe izay, de maty fotsy mampidi-doza zay, de ny tragno de maloto.⁴⁵ Tsy maintsy arodagna ny tragno. Ny vato, hazo, de ny lalotsa aby ao amin'ny tragno de tsy maintsy ferina hariana agny amin'ny toerana maloto agny ivelan'ny toerana maloto agny ivelan'ny tanàna.⁴⁶ Akoatsan'izay, na ia na ia miditsa ao amin'ny tragno mandritsa ny fotoagna hikatognany de haloto mandra-paharivan'ny andro.⁴⁷ Ze natory tao amin'ny tragno de tsy maintsy manasa ny fitafiany, de ze nihinana tao amin'ny tragno de tsy maintsy manasa ny fitafiany.⁴⁸ Lehe miditsa ao amin'ny tragno ny mpisorogna ko mijery anizay mba hahafatarana lehe efa niparitaka manerana ny tragno ny maty fotsy tafaran'ny nandoroana ny tragno, sady, lehe niala ny maty fotsy, de hilaza i fa madio ny tragno.⁴⁹ Sy avy eo de hangalaka vorogna roa, sy hazo sedera, sy kofehy jaky de hysopa mba hagnadiovina ny tragno ny mpisorogna.⁵⁰ Ho vonoany eo amin'ny rano nalaina tamin'ny rano mandeha ao agnaty siny tanimanga ny raika amin'ny vorogna.⁵¹ Hangalaka ny hazo sedera, ny hysopa, ny kofehy jaky, de ny vorogna velogna i, Ko hanjomboka anizay ao amin'ny rà'n'ny vorogna novonoana, ao agnaty rano nalaina tamin'ny rano mandeha, sady hamafy anizay im-pito ao amin'ny tragno.⁵² Hagnadio ny tragno amin'ny rà'n'ny vorogna sy ny rano nalaina tegny amin'ny rano mandeha i, miaraka amin'ny vorogna velogna, ny hazo sedera, ny hysopa, de ny kofehy jaky.⁵³ Kanefa hamela ny vorogna velogna hienga ny tanàna ho agny amin'ny saha midadasika i. Amizay fomba zay ro tsy maintsy hanaovany fagnavotana ho an'ny tragno, ko de hadio zay.⁵⁴ Izay ro lalàna ho an'ny karazana areti-koditsa mifindra aby sy ny raha ze miteraka aretina tahaka anizay, sy ho an'ny hidihidy,⁵⁵ ny amin'ny maty fotsy amin'ny fitafiana sy amin'ny tragno,⁵⁶ ny amin'ny mamontsigna, ny amin'ny mana-pery, de ny amin'ny mifaritsa fotsy mangiragna,⁵⁷ mba hahafatarana lehe misy amireo tranga reo ro maloto na madio. Izay ro lalàna ho an'ny aretin-koditsa mifindra sy maty fotsy. "

15

¹Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh, nanao hoe:² "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de tarogno reo hoe: ' Lehe misy lilihahy mamoa tsiranoka misy otrikaretina hatamin'ny vatany, de maloto i. ³Ny fahalotoany de vokatsizay tsiranoka zay. Na mitsika ny tsiranoka aminazy na tsa mitsika, de maloto zay.⁴Ny fandreny aby handreny de haloto, de ny raha aby ze hipitrahany de maloto. ⁵Na ia na ia mikasika ny fandreny de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, de haloto mandra-paharivan'ny andro.⁶Ze aby mitoatsa amin'ny raha ze nipitrahany lilihahy mitsika tsiranoka misy aretina, zay ona zay de tokony hanasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, de haloto mandra-paharivany andro i. ⁷Ze aby mikiasika ny vatan'ny mitsika tsiranoka misy otrik'aretina de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, de haloto mandra-paharivany andro.⁸Lehe mandrora amin'ny ona ze madio ny ona ze mitsika tsiranoka tahaka anizay, de tsy maintsy manasa ny akanjony zay ona zay sady mandro i. ⁹Ny lasely aby ze itingenany mitsika de haloto.¹⁰Na ia na ia mikasika ny raha ze tao ambanin'ny zay ona zay de haloto mandra-paharivan'ny andro, de ze mitondra anireo raha reo de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; haloto mandra-paharivan'ny andro i.¹¹Na ia na ia mikasika ny tsiranoka tahaka anizay kanefa tsa nanasa ny tagnany mialoha ao agnaty rano, de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano ny ona voakasika, de haloto mandra-paharivan'ny andro i. ¹²Ny vilagny tany aby ze nokasihany mamoa tsiranoka tahaka anizay de tsy maintsy vakiana, de ny vata hazo aby de tsy maintsy sasana amin'ny rano.¹³Sy efa sitragna amin'ny fitsihany i ze mitsika, de tsy maintsy magnisa fito andro amin'ny fagnadiovina anazy i; sy avy eo hanasa ny akanjony i sady hapandro ny vatany amin'ny rano mandeha. De hadio i. ¹⁴Amin'ny andro fahavalo de tsy maintsy mangalaka vorohimahilala roa na zana-boromailala roa i de magnatogna eo agnatrehan'i Yaveh eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihagnana; eo i ro hanolotsa ny vorogna ho

an'ny mpisorogna.¹⁵ Tsy maintsy manolotsa anireo ny mpisorogna, ny raika fagnatitsa nohon'ny fahotana de ny raika hafa fagnatitsa doroana, de tsy maintsy manao fagnavotana ho anazy eo agnatrehan'Yaveh tratsany fitsihany i.¹⁶ Lehe misy lihilahy mamoka tsirin'aina, de tsy maintsy manasa ny vatany manontolo amin'ny rano i; haloto mandra-paharivany andro i.¹⁷ Ny fitafiana sy hoditsa aby ze misy tsirin'aina de tsy maintsy sasana amin'ny rano; haloto mandra-paharivan'ny andro zay.¹⁸ Lehe miara matory ny lihilahy sy ny apela de misy fandifasana tsirinaina ao amin-drakiala vavy, de tsy maintsy mandro amin'ny rano i roa; haloto mandra-paharivan'ny andro reo.¹⁹ Lehe ny fadim-bolagna ny apela raika, de hitohy mandritsy ny fito andro ny fahalotoany, de na ia na ia mikasika anazy de haloto mandra-paharivany andro.²⁰ Ny raha aby ze hatoriany mandritsa ny fotoagnany de haloto; ny raha aby ze hipitrahany de haloto hiany koa.²¹ Na ia na ia mikasika ny fandreny de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; zay ona zay de haloto mandra-paharivany andro.²² Na ia na ia mikasika ny raha aby ze hipitrahany de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; zay ona zay de haloto mandra-paharivany andro.²³ Na amin'ny fandreny zay na amin'ny raha aby ze hipitrahany, lehe mikasika anizay i, de haloto mandra-paharivany andro zay ona zay.²⁴ Lehe miara matory amin'ny lihilahy, de lehe mikasika an-drilihilahy ny tsiranoka ny maloto hataminazy, de haloto mandritsy ny fito andro i. Ny fandrena aby ze hatoriany de haloto.²⁵ Lehe misy apela mamoka rà mandritsy ny andro maro ze tsa amin'ny fotoagnan'ny fadimbolany, na raha mamoka tsiranoka ivelan'ny fotoagnan'ny fadimbolany i, de ho tahaka ny hoe amin'ny andron'ny fadimbolany i, mandritsa ny andro aby hitsihany falotoany. Maloto i.²⁶ Ny fandrena aby ze handreny mandritsa ny fandihianany ràny de ho tahaka ny fandrena ze hatoriany mandritsa ny fadimbolany hiany aminazy, de ny raha aby ze hipitrahany de haloto, tahaka ny fahalotoany fadimbolany,²⁷ Na ia na ia mikasika anireo raha reo de haloto; tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano i, de haloto mandra-paharivany andro i.²⁸ Fa lehe vadio amin'ny fitsihany i, de hagnisa fito andro ho anazy, de afaran'izay de hadio i.²⁹ Amin'ny andro vahavalo de hangalaka vorimahalala roa na zanam-boromahilala roa i ho anazy sady hitondra anireo agny amin'ny mpisorogna eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihagnana.³⁰ Ny mpisorogna de hanolotsa vorogna raika hatao fagnatitsa nohon'ny ota de ny raika hafa hatao fagnatitsa doroana, de hanao fagnavotana ho an-dreo eo agnatrehan'Yaveh i nohon'ny fitsihan'ny rà malotony.³¹ Izay ro fomba tokony hagnasarahanao ny vahoakan'Israely amin'ny fahalotoan-dreo, ko tsa ho maty nohon'ny fahalotoany reo, amin'ny fandottoana ny tabernakely, ze hitoerako eo amin-dreo.³² Ireo aby ny didy amam-pitsipika ho an'ize mamoka tsiranoka, ho an'ny lihilahy aby ze mamoka ny tsirinainy sy mandoto ny tegnany,³³ ho an'ny apela ze ao agnaty fadim-bolagna, ho an'ny ze mamoka tsiranoka aby, na lahy na vavy, de ho an'ny lihilahy aby ze mira-matory amin'ny apela maloto. ' "

16 ¹Niresaka tamin'i mosesy i Yaveh --zay de tafarany nahafatesany zanak'i Arona roa lahy, sy efa nandeha nandriny an'i Yaveh reo de maty sy avy eo. ²Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: " Mirisaha amin'i Arona rahalahinao de tarogno i mba tsa ho avy amin'ny fotoanga aby agny amin'ny fitoerana masina indrindra agnaty lamba, eo alohany sarom-pagnavotana ze eo amin'ny fiara. Lehe manao anizay i, de ho maty, satria miboaka eo amin'ny sarom-pagnavotana Aho.³ Ko izao ro fomba tokony hiavian'i Arona ao amin'ny toerana masina indrindra. Aoka i hiditsa miaraka amin'ny vatots'omby lahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota, de ondry lahy hatao fagnatitsa doroana.⁴ Tsy maintsy manao akanjo lava masina vita amin'ny lamba rongony fotsy i, de tsy maintsy manao atin'akanjo vita amin'ny rongony fotsy sy hamama rongony fotsy sady tsy maintsy manao fehikibo rognony fotsy sy hamama rongony fotsy. Ireo ro fitafiana masina. Tsy maintsy mapandro ny tegnany amin'ny rano i de sy avy eo mitafy ny akanjo reo.⁵ Tsy maintsy mangalaka osy lahy roa avy amin'ny fivodrognan'ny vahoakan'Israely i hatao fagnatitsa nohon'ny ota de ny ondry lahy raika hatao fagnatitsa doroana.⁶ Sy avy eo i Arona de mba hanolotsa ny omby lahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota, zay ho an'ny tegnany sy ny fianakaviany.⁷ Sy avy eo de hangalaka ny osy lahy roa i sady hametraka anireo eo agnatrehan'Yaveh eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihagnana.⁸ Sy avy eo i Arona de tsy maintsy miloka anireo osy roa, loka raika ho an'i Yaveh, de ny loka raika hafa ho an'i azazela.⁹ Tsy maintsy manolotsa ny osy eo amin'ny nigitrahany loka ho an'i Yaveh i Arona sy avy eo, sady manolotsa anizay ho fagnatitsa nohon'ny ota.¹⁰ Fa ny osy ze nigitrahany loka ho an'ny azazela de tsy maintsy ferina velogna eo agnatrehan'Yaveh, mba hanaovana fagnavotana amin'ny fandifasana anazy tahaka an'i azazela mandeha agny agn'efitsa.¹¹ Sy avy eo i Arona de tsy maintsy manolotsa ny vatots'omby lahy ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota, zay ho an'ny tegnany. Tsy maintsy manao fagnavotana ho an'ny tegnany sy ho an'ny fianakaviany i, ko tsy maintsy mamono ny vatots'omby lahy hatao fagnatitsa nohon'ny ota ho an'ny tegnany i.¹² Tsy maintsy mangalaka fitondran'afo feno vain'afo hategny amin'ny alitara eo agnatrehan'Yaveh i Arona, miaraka amin'ny diti-kazo magnitsa majinika ndraika ny tagnana, sady mitondra ny raha reo ao agnatiny efitsa lamba.¹³ Ao i ro tsy maintsy mametraka ny ditik'azo hatao agnaty afo eo agnatrehan'Yaveh mba hanarognana ny rakotsa fanaova-pagnavotana eo ambonin'ny didim-pagnikena ny rahogna hatamin'ny diti-kazo. Tsy maintsy manao anizay i mba tsa ho maty.¹⁴ Avy eo de tsy maintsy mangalaka amin'ny ràny ny vantitr'omby lahy i ko hamafy an'izay amin'ny tagnany eo anoloan'ny rakotra fanaovam-pagnavotana. Tsy maintsy mamafy ny sasany amin'ny rà amin'ny ratsan- tanany im-pito eo anatrehan'ny rakotra fanaovam-panavotana i.¹⁵ De hamono ny osy lahy hatao fagnatitsa tratsan'ny ota ze ho an'ny vahoaka sady hitondra ny ràny ho ao agnatiny efitsa lamba i. Tsy maintsy manao tahaka ny efa nataony tamin'ny rà ro ataony amin'ny ràny ny vatots'omby lahy: tsy maintsy mamafy anizay eo amin'ny rakotsa fanaovam-pagnavotana i de avy eo alohan'ny rakotsa fanaovam-pagnavotana.¹⁶ Tsy maintsy manao fagnavotana ho an'ny toerana masina i nohon'ny asa maloton'ny vahoakan'Israely, sy nohon'ny fikomian-dreo sy ny fahotany aby. Tsy maintsy manao anizay ho an'ny lay fihagnana koa i, ze hitoeran,i Yaveh eo amin-dreo,

amin'ny fagnatrehan'ny asa maloton-dreo.¹⁷Tsa misy tokony ho ao amin'ny lay fihaognana sy efa miditsa ao amizay mba hanao fagnavotana ao amin'ny toerana masina indrindra ho an'i Arona, de mandra-pahavitany ny fagnavotana ho an'ny tagnany sy ho an'ny fianakaviany, de ho an'i fivondrognan'Israely aby.¹⁸Tsy maintsy mienga eo amin'ny alitara ze eo agnatrehan'i Yaveh i sady manao fagnavotana ho an'izay, de tsy maintsy mangalaka amin'ny ràn'ny vatots'ômby lahy sy ny amin'ny ràn'ny osy lahy i de mametraka anizay magnodidigna ny tandroky ny alitara aby.¹⁹Tsy maintsy mamafy ny ampahany amin'ny rà eo amizay amin'ny tagnany im-pito i mba hagnadiovana anizay sy hanokagnana anizay ho an'i Yaveh, lavitsa ny asa maloton'ny vahoakan'Israely.²⁰Sy efa vitany ny fagnavotana an'ny toerana masina indrindra, ny lay fihaognana, sy ny alitara, de tsy maintsy manolotsa ny osy lahy velogna i.²¹ Tsy maintsy mametraka ny tagnany eo andohan'ny osy lahy velogna i sady miaiky ny faharatsiana abin'ny vahoakan'Israely, ny fikomian'ny aby, sy ny fahotany aby eo aminazy. Sy avy eo i de tsy maintsy mametraka anizay ota zay eo andohan'ny osy lahy velogna sady mandefa ny osy lahy ho ferin'ny lihilahy ze vonona hitarika ny osy ho agny agn'efitsa.²² Tsy maintsy ferin'ny osy lahy mandeha agny agn'efitsa ny faharatsian'ny vahoaka aby. Agny agn'efitsa agny, de tsy maintsy hamela ny osy ny lihilahy.²³Siateo de tsy maintsy nipody agny amin'ny fihaognana i Arona de nagnala ny reo akanjo rongony fotsy ze nanaovany talohan'ny nandihianany ho ao amin'itoerana masina indrindra, de tsimaintsy mamela ny akanjo reo ao i.²⁴Tsy maintsy mampandro ny vatany amin'ny rano agny amitoerana masina i,de manao akanjo tsotra; avy eo de tsy maintsy mienga i de manolotsa ny fagnatitsany doroana sy ny fagnatitsa doroana ho an'ny vahoaka, de amizay fomba zay de hanao fagnavotana ho an'ny tagnany sy ho an'ny vahoaka.²⁵Tsy maintsy mandoro ny sabora amin'ny fagnatitsa nohon'ny ota eo amin'ny alitara i.²⁶ Ze nandefa ny azazela de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; afaran'izay, de mipody agny amin'ny toby i.²⁷Ny vantots'omby lahy ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota sy ny osy lahy ho an'ny fagnatitsa nohon'ny ota, ze no ferina nanaovana fagnavotana tagny amin'ny toerana masina ny ràn, de tsy maintsy ferina agn'ivelany toby.Agny reo ro tsy maintsy mandoro ny hodiny; ny nofony, sy ny tain-drrohany.²⁸Ny lihilahy ze mandoro ny fagnatitsa de tsy maintsy manasa ny akanjony sy mampandro ny tagnany amin'ny rano; afaran'izay, de hipody agny amin'ny toby i.²⁹Ho lalàna mandrakizay ho anareo amin'ny volana faha-fito, amin'ny andro fahafolon'ny volana zany, aoka agnareo, na ny tompontany na ny vahiny ze miaina eo aminareo hanetri-tena sy tsy hiasa.³⁰ Zay de satria amin'izay andro zay ny fanavotana de ho atao ho anareo, mba hanadiovana anareo amin'ny fahotana-reo aby mba hadio eo anatrehan'i Yaveh agnareo.³¹ Ho sabata fitsaharana magnetriketrika ho anareo izay, ary tsy maintsy manetri-tena sady tsa miasa agnareo.Ho lalàna mandrakizay eo aminareo izany³²Ny mpisorognabe, ze ho hosorana sy ho tondroana ho mpisorombe eo amin'ny toeran'ny rainy, de tsy maintsy manao izay fagnavotana izay ireo akanjo rongony fotsy, izay de, ny akanjo masina.³³Tsy maintsy manao fagnavotana ho any toerana masina indrindra i; tsy maintsy manao fagnavotana ho an'ny fihaognana sy ho an'ny alitara i, sady tsy maintsy fagnavotana ho an'ireo mpisorogna sy ny vahoaka aby ao amin'ny fivondrognana i.³⁴Ho lalàna ho anareo mandrakizay izany, mba hanaovana fagnavotana ho an'ny vahoakan'Israely nohon'ny otany aby, indraika isan-taona." Vita araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy izany.

17 ¹Nitarogna tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ^{2a} Mitarogna amin'i Arona sy ny zanany lahy, sy amin'ny vahoakan'Israely aby. Tarogno an-dreo ny nandidian'i Yaveh:³ 'Ny lihilahy ao Israely ze mamono ômby, zanak'ondry, na osy ao amin'ny toby na mamono ianizay ivelan'ny toby, mba hanao sorogna izay_ ⁴ ko lehe tsa mitondra an'izay amin'ny fidirana amin'ny trano-lay fihaognana mba hagnatitsa an'izay ho sorona ho an'i Yaveh eo alohan'ny tabernakeliny i,de ho meloka amin'ny fandatsaha-drà zay lihilahy zay. Nandatsan-drà i, de tsy maintsy alaina eo amin'ny vahoakany zay lihilahy zay.⁵Ny anton'izay didy zay de mba hitondran'ny vahoakan'Israely ny sorognan-dreo amin'i Yaveh eo amin'ny tragno-lay fihaognana, mba hatolotsy ny pisorogna hatao fgnati-pihavagnana ho an'i Yaveh, fa tsa hagnatitsa sorogna ao amin'ny saha malalaka.⁶ Hamafy rà eo amin'ny fidirana ao amin'ny tragno-lay fihaognana ny pisorogna; handoro ny sabora ho an'izay i mba hagnome hagnitsa mamerovero ho an'i Yaveh.⁷Aoka tsa hagnatitsa ny soron-dreo amin'ny sampy osy koa ny vahoaka, fa tamin'izay ro nanaovan-dreo fijangajangana. Ho lalàna maharitsa eo amin-dreo hatramin'ny taranaka fara-mandimbyny zay.⁸Aoka agnao hitarogna amin-dreo hoe: 'Na ia na ia lihilahy eo amin'ny Israely, na vahiny ze mitoatsa amin-dreo, magnatitsa fagnatitsa ho doroana na sorogna⁹ ko tsa mitondra anizay eo amin'ny fidirana ao amin'ny tragno lay fihaognana mba hanao sorogna zay ho an'i Yaveh, de aoka halaina eo amin'ny vahoaka zay lihilahy zay.¹⁰he misy ona amin'ny ankohognan'Israely, na misy vahiny ze mitoatsa eo amin-dreomihinana rà, de hagnandrigna ny tavako hanohitsa anizay ona zay Aho sady hagnongotsa anizay ona zay eo amin'ny vahoakan'ny Aho. Fa ao amin'ny ràn ny ain'ny biby¹¹ Nameko anao ny ràn mba hapisy fagnavotana eo amin'ny alitara ho aignareo, satria ny rà ro manohitsa ny aigna.¹²Sy zay de nitarogna tamin'ny vahoakan'Israely Aho mba tsa hisy hihinana rà eo aminareo, na misy hihinana rà ze vahiny mitoatsa eo aminareo.¹³ Na ia na ia amin'ny vahoakan'Israely, na ze vahiny mitoatsa eo amin-dreo, ze mihiaza sy mamono biby na vorogna ze azo hoanina, de handraraka ny ràn' izay de hanototsa ny tany ny rà¹⁴Fa ao amin'ny ràn ny ainy zava-boary aby. Zay ro nilazako tamin'ny vahokan'Israely hoe: Aoka agnareo tsa hihinana ny ràn zava-boary, satria ao amin'ny ràn ny ainy raha managn'aigna aby. Na ia na ia mihinana anizay de aoaka ho roahina.¹⁵Ny ona tsira-draika ze mihinana biby efa maty na voaviraviran'ny bibi-dia, na tera-tany na vahiny ny ona mitoatsa eo aminareo, de aoka i hanasa ny akanjony sady hapandro tagnany amin'ny rano, de haloto i mandra-paharivany andro. de hadio i sy avy eo.¹⁶ Fa lehe tsa manasa ny akanjony na mapandro ny vatany i, de aoka i hijery ny helony.' "

18¹Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe:² "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely de lazao reo hoe: 'Iaho ro i Yaveh Andriamagnitsareo.³ Aza manao ny raha ataon'ny vahoaka agny Egypta, ze nonegnanareo teo aloha. Aza manao zay raha ataon'ny vahoaka ao Kanana, ny tany ze hitondrako ao Aza magnaraka ny fomban-dreo.⁴ y lalàko ro aoka hataonareo, de ny didiko ro aoka ho tandremanareo, mba handihiananareo eo amin-dreo, Satria Aho ro Yaveh Andriamagnitsareo.⁵ Ko noho zay de tandremo ny didy aman-dalàko. lehe misy ona mankatò anireo, de ho velogna noho reo i. Iaho ro Yaveh.⁶ Aoka mba tsa hisy ona hiara-matory amizay ona ze mifandray mariny aminazy. Iaho ro Yaveh.⁷ Aza magnala baraka ny rainareo amin'ny fatoriana miaraka amin'ny reninareo. Reninareo i! ⁸Aza magnala baraka anazy. Aza miara matory amireo vadin-drainareo; aoka agnareo tsa hagnala baraka ny rainareo tahak'izay.⁹ Aza miara-matory amize anabavinareo, na zanaka vavin'ny rainareo i na zanaka vavin'ny reninareo, neko de natsangagna tao amin'ny tragnonareo na lavitsa anareo aza i. Aza miara-matory amin'ny anabavinareo. Aza miara-matory amin'ny anabavinareo .¹⁰ Aza miara- matory amin'ny zanaka vavin'ny zanakareo lahy na amin'ny zanaka lahin'ny zanakareo vavy. Fa ho hegnatsa ho anareo hiany zay.¹¹ Aza miara-matory amin'ny zanaka vavin'ny vadin-drainareo, ze nateraky ny rainareo. Anabavinareo i, de aoka agnareo tsa hiara matory amin'azy.¹² Aza miara matory amin'ny anabavin-drainareo. Havana mariny ny rainareo i. ¹³ Aza miara-matory amin'ny rahavavin-dreninareo. Havagna mariny ny reninareo i. ¹⁴ Aza magnala baraka ny rahalahin-drainareo amin'ny fiarahana matory amin'ny vadiny. Aza mandriny anazy amizay tanjogna zay; nenitoanareo i. ¹⁵ Aza miara-matory amin'ny vinanto vavinareo. Vadin-janakareo i; aza miara-matory aminazy. ¹⁶ Aza miara-matory amin'ny vadin-drahalahinareo; aza manala baraka anazy amn'izay fomba zay. ¹⁷ Aza miara-matory amin'ny apela iraka sy ny zanany, na amin'ny zanaka vavin'ny zanany lahy na amin'ny zanaka vavin'ny zanany vavy. Havana mariny anazy reo, de faharatsiana ny fiaraha-matory amin-dreo. ¹⁸ Aoka agnareo tsy hanam-bady ny rahavavim-badinareo ho vady faharoa de hiara-hatory aminy lehe vo velogna ny vadinareo voalohany. ¹⁹ Aza miara-matory amin'ny apela mandritsy ny fadimbolany. Maloto i mandritsin'ny fotoagnaay. ²⁰ Aza miara-matory amin'ny vadin'ny mpiray vody rindrigna aminareo ko handoto ny tegnanareo miaraka aminy amin'izay fomba anizay. ²¹ Aoka agnareo tsy hagnome ny zanakareo ho atao eo ami'ny afo, fa manao sorogna anazy ny ho an'i Moloka agnareo amin'izay, satria tsy mahazo maniratsira ny anaran'Andriamanitra agnareo. Iaho ro Yaveh. ²² Aza miara-matory amin'ny lilihahy hafa toy ny miaraka amin'ny apela. Ratsy zao. ²³ Aza miara-matory amin'ny biby sy mandoto ny tegnanareo miaraka amin'izay. Aoka tsy hisy apela hihevitra fiaraha-matory amin'ny biby. Fahavetavetana izany. ²⁴ Aza mandoto ny tegnanareo amin'ireo fomba reo, fa tamin'ireo fomba rehetra ireo no nampahaloto anireo firenena , ny firenena ze ho roahiko eo agnatrehanao . ²⁵ Voaloto ny tany , ko nosaziako ny fahotan-dreo , de nandoa reo mponiny ny tany . ²⁶ Noho izay, agnareo, de aoka hitandrigna ny didiko sy ny fitsipiko, de aoka agnareo tsa hanao an'ireo zava-mahatsiravina reo, na ny tera-tany Israelita zay na ny vahiny ze monigna eo aminareo. ²⁷ Fa zay ro faharatsiana efa nataon'ny poniny tany, reo ze nitoatsa teto talohanareo, de voaloto ny tany amizao. ²⁸ fa mitandrema mba tsa hoaloany tanyhiany koa agnareo afarany nandotoanareo anazy, tahaka ny nandoavan'ny vahoaka anizay teo alohanareo. ²⁹ Na ia na ia manao anireo raha mahakamokamo reo , ny ona ze manao anizay de alaina tsa ho eo amin'ny vahoakan-dreo. ³⁰ Noho izay de tandremo ny didiko mba tsa hanao ny fomba mahakamo ze natao teto talohanareo reo, ko tsa handotoanareo ny tegnanareo amin-dreo. Iaho ro i Yaveh Andriamagnitsareo.' "

19

¹Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, ko nanao oe:² "Mirisaha amin'ny fiangonan'ny vahoakan'Israely abiaby de tarogno andreo hoe: 'Masina agnareo, fa Iaho Yaveh Andriamagnitsareo de masina. ³ Aoka ny tsiraidraika hagnaja ny reniny sy ny rainy, de tandremo ny sabatako, Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ⁴ Aza mihodigna mandeha agny amin'ny sampinareo raha-foagna, na manao Andriamagnitsa vy ho anareo. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ⁵ Lehe magnatitsa sorogna fagnati-pihavagnana amin'i Yaveh agnareo, aoka agnareo hagnatitsa anizay mba ho ekena . ⁶ Aoka ho hoanina amin'ny andro hagnaterana anazy zay, na amin'nigny apitson'igny. ⁷ Lehe misy raha tsa lany mandra-piavian'ny andro fahatelo, de aoka hodoroana zay. maloto zay lehe vona hoanina amin'ny andro fahatelo. Aoka tsa ho ekena zay, ⁸ fa ny tsiraidraika ze mihinana anizay de hitondra ny helony satria efa nagnala baraka ze raha-masin'i Yaveh i. Aoka halaina eo amin'ny vahoakany zay ona zay. ⁹ Lehe mijinja ny vokatsy ny taninareo agnareo, de aoka agnareo tsa hila tanteraka ny zorony sahanareo, na hagnangogna aby ny vokatsareo. ¹⁰ Aoka agnareo tsa hagnangogna aby ny voaloboka amin'ny tanim-boalobokareo, na hamory ny voaloboka ze mitrotraka amin'ny tany eo amin'ny tanim-boalobokareo. Aoka havelanareo reo ho an'ny mahantra sy ny vahiny. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ¹¹ Aza mangalatsa. Aza mandenga. Aza mifamitaka. ¹² Aza mianiana lenga amin'ny agnarako na maniratsira ny agnaran'ny Andriamagnitsareo. Iaho ro Yaveh. ¹³ Aza mampahory ny mpiara-monigna aminareo na mandroba anazy. Aoka tsa hiegnina miaraka aminareo amin'ny aligna manontolo ko zizika amin'ny maraigna ny karaman;ny mpikarama. ¹⁴ Aza magnozogna ny maregnina na mametraka zsakagna mamingagna eo alohan'ny jamba. Fa zao, aoka agnareo hatahotsa A ndriamagnitsareo. Iaho ro Yaveh. ¹⁵ Aza disoana ny fitsarana. Aza mijery tavan'olo satria mahantra i, de aza mijery tavan'olo satria ambony i. Fa zao, tsarao araka ny fahamarinany ny mpiara mpnogna aminareo. ¹⁶ Aza mivezivezy magnaparitaka fosafosa eo amin'ny vahoakanareo, fa tadiavo ze hiarovanareo ny ain'ny piara mitoatsa aminareo. Iaho ro Yaveh ¹⁷ Aza mankahala ny rahalahinareo amin'ny fonareo. Aoka agnareo hitarogna mafy an-kitsipo ny piray monigna aminareo mba tsa hifampizaranareo ota noho ny aminazy. ¹⁸ Aza mamaly faty mitagna lolopo amin'ny vahoakanareo, fa zao tiavo ny namareo tahaka ny tegnanareo. Iaho ro Yaveh. ¹⁹ Tandremo ny didiko. Aza magnandragna magnaraka ny bibinareo amin'ny karazambiby hafa. Aza

mapifangaro karazanana voa samy hafa lehe mamboly amin'ny tanimboly. Aza mitondra akanjo natao tamin'ny akora roa karazany ze napifangaroana.²⁰ Na ia na ia miara-matory amin'ny andevo vavy ze voafofofo ho vady, nefa tsa novidia-pagnavotana na namena ny fahafahana, de aoka reo ho saziana. Aoka tsa ho vonoana reo satria tsa ona afaka i.²¹ Aoka hitondra ny fagnatitsa nohon'ny heloka ho an'i Yaveh eo amin'ny fidiran'ny trano-lay fihaognana ny lihilahy raika __ondry lahy raika fagnatitsa tratsany heloka.²² De hanao fagnavotana ho anazy ny pisorogna miaraka amin'ny ondry lahy hatao fagnatitsa nohon'ny heloka eo alohan'i Yaveh, nohon'ny ota ze nataony. Ko de ho voavela ny fahotana vitany²³ Lehe avy eo amin'ny tany agnareo de mamboly ny karazan-kazo fihinam-boa , de aoka agnareo hamela ny voa ze vokarin-dreo mba ho voarara tsa ho hanina. Aoka ho voarara ny voa ho anareo mandritsa ny telo taogna. Aoka tsa ho hoanina zay.²⁴ Fa amin'ny taogna fahefatsa de ho masina aby ny voa, ho fagnati-piderana ho an'i Yaveh .²⁵ Amin'ny taogna fahadimy de afaka ny hihinana ny voa agnareo, satria niandry anareo mba hafahan'ny hazo mamokatsa betsaka. Iaho ro Yaveh.²⁶ Aza mihinana hena lehe vona misy rà zay. Aza magnotany ny fagnahy momban'ny ho avy, de aza mikatsaka ny hifehy ny hafa amin'ny hery mihoatsa ny natoraly.²⁷ Aza magnaraka ny fahazarany panompo sampy tahaka ny fagnaratana ny sisiny lohanareo na magnongotsa ny sisiny volom-bavanareo. ²⁸aza mandidy ny vatanareo ho an'ny maty na magnisy marika tombokavatsa amin'ny tegnanareo. Iaho ro Yaveh.²⁹ Aza magnalabaraka ny zanakareo vavy amin'ny fanaovana anazy ho pijangajanga, fa ho lavo amin'ny fijangajangana firenena de ho feno fajharatsiana ny tany. ³⁰ Aoka agnareo hitandrigna ny sabatako de hagnome voninahitsa ny fitoerana masin'ny tabernakeliko. Iaho ro Yaveh.³¹ Aza mihodigna agny amin'ny ze miresaka amin'ny maty na amin'ny fagnahy. Aza mitadia an-dreo, fa lehe tsa zay handoto anareo reo. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo.³² Aoka agnareo hitsangagna eo alohany ona fotsy volo de hagnome voninahitsa ny ona antintsa. Aoka agnareo hatahotsa ny Andriamagnitsareo. Iaho ro Yaveh.³³ Lehe misy vahiny mitoatsa ao aminareo eo amin'ny taninareo, de aoka agnareo tsa hanao ratsy anazy.³⁴ Aoka ho tahaka ny tera-tany Israelita mitoatsa eo aminareo ny vahiny ze mitoatsa miaraka aminareo, de aoka ho tiavinareo tahaka ny tegnanareo i, satria efa mba vahiny hiany agnareo tagny amin'ny tany egypta. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo.³⁵ Aza mapiasa fandrifesana diso lehe mandrefy halavana, lanja, na habitsahana.³⁶ Aoka agnareo hapiasa mozàgna marina, vato mozàgna marina, efaha marina, de hina marina. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo, ze nitondra anareo nienga ny tany egypta.³⁷ Akatoavo aby ny didiko sy ny lalàko, de ataovo reo. Iaho ro Yaveh. ' "

20 ¹Niresaka tamin'i Mosesy Yaveh, nanao hoe:² "Tarogno amin'ny zanak'Israely hoe: 'Ze aby eo amin'ny zanak'Israely, na vahiny ze mitoatsa agny Israely ko manolotsa ny zanany amin'i Maloka, de aoka ho maty. Aoka hitora-bato anazy ny ona ny tany.³ Hapifagnandrigna ny tavako amizay ona zay hiany koa Aho sady ho fongoriko eo amin'ny onan'ny i satria efa natolony an'i Maloka ny zanany, mba handotoana ny toerako masina sy hagnaratsiana ny Agnarako masina.⁴ Lehe magnipy ny masonry amizay ona zay ny onan'ny tany sy efa nanolotsa ny zanany amin'i Maloka, lehe tsa mamono anazy reo,⁵ de Aho mihintsy ro hapifagnandrigna ny tavako amizay ona zay sy ny fokony, de hofongoriko i sy ny hafa aby ze mivarotsa amin'ny tegnany mba hijangajangana miaraka amin'i Maloka.⁶ Ny ona ze mitodika amin'ny ona ze miresaka amin'ny ona maty, na reo ze miresaka amin'ny fagnahy mba hivarotsa ny tegnany amin-dreo, de hagnandrigna ny tavako amizay ona zay Aho; ho fongoriko eo amin'ny olony i.⁷ Noho zay de hamafiso ny tegnanareo de aoka ho masina, satria Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo.⁸ Aoka hitandrigna ny didiko agnareo de hagnaraka anireo. Fa Iaho ro Yaveh ze nanokagna anareo ho masina.⁹ Aoka ho maty tokoa ze aby magnozogna ny rainy na ny reniny. Efa nagnozogna ny rainy sy ny reniny i, ko meloka sady mendrika ny ho maty.¹⁰ Ny lohilahy ze magnitsakitsa-bady amin'ny vadin'olo-kafa, zany hoe, ze mijangajanga amin'ny sakaizam-badiny __aoka ny mpijangajanga sy ny nijangajanga samy ho maty tokoa.¹¹ Ny lihilahy ze miara-matory amin'ny vadin-drainy mba hatory aminazy de efa nagnala baraka ny rainy. Aoka ho maty tokoa ny zanaka lahy sy ny vadin'ny rainy. Meloka reo sady mendrika ny ho maty.¹² Lehe misy lihilahy miara-matory amin'ny vinanto vaviny, de aoka samy ho maty tokoa i roa. Efa nanao fahavetavetana reo. Meloka eo sady mendrika ny ho maty.¹³ he misy lihilahy miara-matory amin'ny lihilahy hafa, tahaka ny miaraka amin'ny apela, de samy efa nanao raha mahafandriandrigna reo. Aoka ho maty toa reo. Meloka reo sady mendrika ny ho maty.¹⁴ Lehe misy lihilahy manambady apela sady manambady ny reniny hiany koa, de faharatsiana zay, mba tsa hisy faharatsiana eo aminareo.¹⁵ Lehe misy ona miara-matory amin'ny biby, de aoka ho maty tokoa i, ary aoka agnareo hamono ny biby.¹⁶ Lehe misy apela magnatogna biby mba hiara matory aminazy, de aoka hamono ny apela sy ny biby agnareo. aoka ho maty tokoa reo. Meloka sy mendrika ho maty reo.¹⁷ Lehe misy lihlahy miara-matory amin'ny anabaviny, na amin'ny zanaka vavin'ny rainy na zanaka vavin'ny reniny __lehe miara-matory aminazy de miaraka aminazy, de raha mahamegnatsa zay. Aoka ho fongorana eo amin'ny fagnatrehan'ny olony reo, satria niara natory tamin'ny anabaviny. De hibaby ny helony i. ¹⁸Lehe misy lihilahy miara matory amin'ny apela mandritsa ny fadimbolany de efa niara natory taminazy, de efa nanoro ny ny fikoriagnany rà taminazy, ny nipoiran'ny ràny i. De aoka samy hofongorana tsa ho eo amin'ny olony i roa.¹⁹ Aoka tsa hiara-matory amin'ny rahavavin-dreninao agnao, na amin'ny anabavin-drainao, satria hagnala baraka ny havanao mariny anao agnao.²⁰ Lehe misy lihilahy raika miara-matory amin'ny nenitoany, de hagnala baraka ny dadatoany i. Sy efa maty reo, de samy ho saziako, sady sy efa maty reo, de halaiko ny lovan'ny zana-dreo ze mety ho hazany hatamin'ny ray aman-dreniny.²¹ Lehe misy lihilahy manam-bady ny vadin-drahalahiny lehe vona velogna ny rahalahiny, de fahafaham-baraka zay. Efa nagnala baraka ny rahalahiny i, de halaiko amin'ny zanany ny fabagnanaaby mety efa nolovan-dreo hatamin'ny ray aman-dreniny.²² Koa aoka agnareo hitandrigna ny didy aman-dalako aby; aoka hankatò anizay agnareo mba tsa handoa anareo tagny ze hitondra anareo mba hitoeranareo.²³ Aoka tsa handeha amin'ny fomban'ny firenena ze ho roahiko tsa

ho eo alohanareo agnareo, satria efa nanao ze raha aby zay reo, de halako reo²⁴ Hoy Aho aminareo hoe: "Handova ny tanin-dreo agnareo; hagnome anareo anizay ho fanagnanareo Aho, tany todra-dronono sy ny tantely. Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo, ze efa nagnavaka anreo tamin'ny olo hafa.²⁵ Noho izay de aoka agnareo hagnavaka ny biby madio sy ny maloto, ny vorogna kitika maloto sy ny madio. Aoka agnareo tsa handoto ny teganareo amin'ny biby maloto na ny vorogna mitsidigna na amin'ny raha managn'aigna aby ze mandady amin'ny tany, ze efa navako ho maloto taminareo.²⁶ Aoka ho masina agnareo, fa Iaho, Yaveh, de masina, sady efa nagnavaka anareo tamin'ny olon-kafa aho, satria Anahy agnareo.²⁷ aoka ho maty tokoa ny lihilahy na ny apela ze miresaka amin'ny fagnahy. Aoka hitora-bato anazy ny ona. Meloka i sady mendrika ny ho maty." "

21 ¹ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy: "Mirisaha amin'ny mpisorogna, ny zanaka lahin'i Arona, de lazao reo hoe: 'Aoka tsa hisy neko raika aminareo ko handoto ny tagnany ho nohon'ny amin'ny ze maty eo amin'ny olony,² afa-tsy ny havany mariny anazy--ny reniny, ny rainy, ny zanany lahy, ny zanany vavy, ny ralahany,³ na ny anabaviny virijiny ze miantehitsa amin'ny, ambara-panagnany vady__fa mety handoto ny tagnany nohon'ny aminazy i.⁴ Saingy aoka tsa handoto ny tagnany amin'ny olon-kafa i ko handoto ny tagnany.⁵ Aoka ny pisorogna tsa hagnaratsa ny lohany na hagnaratsa ny sisin'ny volom-bavany, na hanetika ny tagnany.⁶ Aoka ho masina amin'ny Andriamaniny, satria ny pisorogna romagnome ny fagnatitsa hohanina ho an'i Yaveh, ny mofon'ny Andriamagnitsan-dreo. Noho zay aoka ho masina ny mpisorogna.⁷ Aoka reo tsa hanambady ny apela ze mivaro-tegna sy maloto, de aoka tsa hanambady apela nisara-bady reo, satria reo de voatokagna ho an'Andriamagnin-dreo.⁸ Hatokanareo i, satria i ny manolatsa mofo ho an'Andriamagnitsareo. Aoka ho masina amin'areo i, satria Aho, Yaveh ze magnamasina anareo, de masina.⁹ Ny zanaka vavin'ny pisorogna ze mandoto ny tagnany amin'ny fahasalamana ho mpivaro-tegna manalabaraka ny rainy. De aoka ho dorana izy.¹⁰ Ze mpisoronabe eo amin'ireo rahalahiny, ze efa nandrarahana diloilo fagnosorana teo amin'ny lohany, de ze efa nohamasinina hitafy ny akanjo voatokagna ho an'ny mpisoronabe, de aoka tsa hampisarakorako ny volony ny handrovitsa ny akanjony.¹¹ Aoka tsa handeha egny amin'ny ze misy fatin'ona i ko handoto ny tagnany, na ny rainy na ny reniny aza.¹² Aoka ny mpisoronabe tsa handao ny faritry ny fitoerana masin'ny tabernakely na hanimbazimba ny fitoerana masin'ny andriamaniny, satria efa nohamasinina ho mpisorognabe tamin'ny alalan'ny fagnosorana ny diloilon'ny Andriamaniny i. Iaho ro Yaveh.¹³ Aoka ny pisorognabe hangalaka vady virjiny.¹⁴ Aoka i tsa hanambady pitondrategna, apela nisara-bady, na apela mpivaro-tegna. Tsa hanambady anize karazan'apela zay i. Virijiny avy amin'ny olony hiany ro azony vadiany,¹⁵ ko tsa handooany ny zanany eo amin'ny vahoakany, satria Iaho ro Yaveh, ny magnamasina azy. " "¹⁶ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe:¹⁷ "Mirisah amin'i arona de tarogno anazy hoe: 'Ze aby managna kilema ara-batagna amin'ny taranakareo sy ny fara mandimbin-dreo, de aoka i tsa hagnatogna ko hanolok'anina ho an'ny Andriamaniny.¹⁸ Aoka tsa hagnatogna an'i Yaveh ny ona aby ze managna kilema ara-batagna, tahaka ny ona jamba na ona tsa afaka mandeha, ze simba tarehy na sembagna,¹⁹ ny onany ze manan-takaita ny tagnany na ny tongotsa,²⁰ ny ona ze misy vovoka ao andamosiny na kazaotina na fohy, na ona misy takaita ny masony, na misy aretina, na areti-maso, lagaly, na ze vihy torotoro.²¹ Tsa misy ona eo amin'ny taranak'i Arona pisorogna managna kilema ara-badagnako mandriny mba hagnatateraka ny fagnatitsa ao amin'ny afo ho an'i Yaveh, Ny ona managna kilem ara-batagna tahaka anizay; de aoka i tsa handriny ko hanolatsa mofo ho an'Andriamaniny.²² Afaka mihinagna ny haninan'ny Andriamaniny i, na ny sasany amin-dreo masina indrindra na sasany amin-dreo masina.²³ Na de zay aza, aoka tsa hiditsa agnaty lamba fagnakonana na handriny ny alitara i, satria manan-kilema ara-batana i, mba tsa mandoto ny toerako masina, satria iaho ro Yaveh, ze manamasina reo. " "²⁴ Ko noresahin'i Mosesy tamin'i Arona aby ny teny reo, tamin-dreo zanaka lahin'ny, sy reo zanak'Israely aby.

22

¹ Hoy i Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe: ² " Miresaha amin'i Arona sy reo zanany lahy, tarogno reo mba hitandrigna ny raha masin-dreo zanak'Israely, fa voatokana ho anaha reo. Aoka tsa hanimbazimba ny Agnarako masina reo. Iaho ro Yaveh.³ Tarogno anazy reo hoe: ' Lehe misy amireo taranakareo amin'ny fara aman-dimbinareo mandriny ny raha masina ze efa voatokan'ny zanak'Israely ho an'i Yaveh, kanefa maloto i, de aoka ho fongorina eo agnatrehako zay ona zay: Iaho ro Yaveh⁴ Tsy misy amin-dreo taranak'i Arona ze managna aretik'oditsa mifindra, na aretina mikoriana amin'ny ràny tsy an-kijanona avy any amin'ny vatany, ko afaka hihinagna ny sorogna natao ho an'i Yaveh ambaram-pahadio anazy. Ze mikasika ny raha maloto na mifandray amin'ny maty, na amin'ny fifandraisana amin'ny lihilahy ze mandeha tsirinaina tsy ankijanona,⁵ na ny mikasika ny biby mikisaka ze mampaloto anazy, na karazana loto ina zay na ina_ ⁶ ko ny mpisorogna ze mikasika ny raha maloto aby de haloto mandrapaharivan'ny andro. Aoka tsy hihinagna ny amin-reo raha masina aby i, lehe tsa efa nampandro ny tagnany tamin'ny rano.⁷ Sy efa miletika ny masoandro de hadio i. Afa'ran'ny filitehan'ny masoandro i ro afaka hihinana amin'ny raha masina, satria sakafony reo.⁸ Aoka i tsa hihinana ny raha tsa hitany maty na novonoan'ny bibi-dia ze handotoany ny tagnany. Iaho ro Yaveh.⁹ Aoka ny mpisorogna hagnaraka ny fampianarako, fa nge ho meloka amin'ny ota reo ko ho maty amin'ny fanimbazimbana Anahy. Iaho ro Yaveh ze magnamasina anireo¹⁰ a misy ona ivelan'ny fianakavian'ny mpisorogna, anisan'izay ny vahin'ny mpisorogna na ny mpanompo mpikarama, afaka hihinana ny raha masina aby. ¹¹ Kanefa lehe mividy amin'ny volan'ny manokagna ny mpisorogna, ze andevo ze afaka ny hihinana amireo raha ze voatokagna ho an'i Yaveh. Ny fikambagnan'ny fianakavian'ny mpisorogna sy ny andevo teraka tao an-dragony, reo hiany koa de afaka hihinana ny raha reo miaraka

aminazy.¹² Lehe ny zanaka vavin'ny mpisorogna ro manambady ona tsa mpisorogna, de tsa afaka ny hihinana amireo anjara fagnatitsa masina i.¹³ Fa lehe mpitondra tegna ny zanaky ny mpisorogna, na nisara-bady, sady lehe tsa manambady i, ko mipody mitoatsa amin'ny tragnon-drainy tahaka ny tamin'ny fahazazany, de afaka ny hihinana ny hanin-drainy. Fa tsa misy ona ze tsa ao agnatin'ny fiankavian'ny mpisorogna afaka ny hihinana amin'ny hanin'ny mpisorogna.¹⁴ Lehe misy ona mihinana tsy nahy ny hanina masina, de aoka i hanohitsa anizay amin'ny mpisorogna; aoka i hagnampy raika am-pahadimin'ny sady hagnapody anizay agny amin'ny mpisorogna.¹⁵ Aoka ny zanak'Israely tsa hametaveta ny raha masina ze efa nasandratsa ambony sy natolotsa ho an'i Yaveh,¹⁶ sady tsa hampitondra ny tegnan-dreo ny fahotana ze magnameloka an-dreo amin'ny fihinana ny hanina masina, fa iaho ro Yaveh ze magnamasina anireo.¹⁷ Zao ro nataon'i Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe: ¹⁸"Mirisaha amin'ny Arona sy ny zanany lahy, de amin'ny zanak'Israely aby. Targno an-dreo hoe: 'Ny Israelita aby, na vahiny mitoatsa ao Israely, sy efa manolotsa sorogna reo na hagnatanteraka voady zay, na fagnatitsa antsitraro, na hatolotsan-dreo amin'i Yaveh ny fagnatitsa doroana,¹⁹ lehe ankasitrahana zay, de aoka reo hanolotsa biby fiompy lahy tsa misy kilema, ondry, na osy.²⁰ Nefa aoka agnareo tsa hanolotsa ze mana-kilema. Tsa hankasitra ze aminareo Aho.²¹ Ze aby manolotsa ny fagnati-pihavagna hatamin'ny ômbry na ondry ho an'i Yaveh mba hagnatantrahana voady, na fagnatitsa antsitra-po, de tsa tokony ho kilemaina zay mba ho ankasitrahana. Aoka tsa hisy biby manan-kilema.²² Aoka tsa hanolotsa biby jamba, sembagna, na kilema, na ze misy fahabokana, marary, na ferenana agnareo. Aoka tsa hanolotsa anireo ho amin'i Yaveh ho sorogna avy hatamin'ny afo eo amin'ny alitara agnareo.²³ Afaka amanolotsa ômbry raika na zanak'ondry ze sampogna na kely hatao fagnatitsa antsitraro agnareo, nefa ny fagnatitsa tahaka anizay de tsa ho ankasitrahana ho voady²⁴ a manolotsa biby voatorotoro, potika, rovidrovitsa, na vosotsa ho an'i Yaveh. Aza manao anizay ao amin'ny taninareo.²⁵ Aoka agnareo tsa hanolotsa ny mofon'ny Andriamagnitsareo hatamin'ny tagnany vahiny. Reo biby reo de sapogna sady kilema, tsa ho ankasitrahana ho anareo."²⁶ Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh de nanao hoe:²⁷ "Sy efa teraka ny omby na ny ondry na ny osy, de tsy maintsy miegnina hafitoana miaraka amin'ny reniny zay. De manomboka amin'ny andro fahavalo, de azo ankasitrahana ho fagnatitsa natao amin'ny afo ho an'i Yaveh zay.²⁸ Aza mamono omby vavy na ondry vavy miaraka amin'ny zanany, ao agnatin'ny ndraik'andro.²⁹ Sy efa manao fagnati-pisaorana ho an'i Yaveh agnareo, de aoka hanao sorogna ze amin'ny fomba azo ikena.³⁰ Aoka hohanina amin'ny andro nanaovana sorogna anazy zay. Aoka tsa hisy avelanareo ho tra-maraingna zay. Iaho ro Yaveh.³¹ Koa aoka hitandrigna ny didiko sy hagnantateraka anireo agnareo. Iaho ro Yaveh.³² Aoka tsa hagnamavo ny Agnarako masina agnareo. Aoka ho ekena ho masina eo amin'ny zanak'Israely Aho. Iaho ro Yaveh ze magnamasina anareo,³³ Ze nitondra anareo nienga avy tagny Egipta mba ho andriamagnitsareo: Iaho ro Yaveh. "

23

¹Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy hoe:² "Mirisaha amin'ny vahoakan'Israely, de mitarogna amin-dreo hoe: 'Reto aby ny firavoravoana voatendry ho an'i Yaveh, ze masina; reo ro firavoravoako mahazatsa.³ Afaka miasa ny enin'andro agnareo, fa ny andro fahafito de sabata fitsaharana tanteraka, fiombognana masina. Aoka agnareo tsa hiasa satria sabata ho an'i Yaveh amin'ny toerana aby ze hitoeranareo zay.⁴ Reto aby ny firavoravoana voatendry ho an'i Yaveh, de reo fiombognana masina ze tsy maintsy lazainareo amin'ny fotoagnan'ny voatondro:⁵ Amin'ny volagna voalohany, amin'ny andro fahaefatsy ny volagna amin'ny takariva, ro Paskan'i Yaveh.⁶ Amin'ny andro fahadimy ambin'ny folo io volagna io hiany ny firavoravoan'ny Mofo tsa misy Masirasira ho an'i Yaveh. Mandritsa ny fito adro agnareo de tsy maintsy mihinana mofo tsa misy masirasira.⁷ Ny andro voalohany de hatokanareo mba hivorianana miaraka; tsa hanao ny asa mahazatsa anareo agnareo.⁸ Hanolotsa fagnatitsa hoanina ho an'i Yaveh agnareo mandritsy ny fito andro. Ny andro fahafito de andro fiombognana natokagna ho an'i Yaveh, de aminio andro io agnareo de oka tsa hanao ny asa mahazatsa."⁹ Yaveh nitarogna tamin'i Mosesy, ko nanao hoe:¹⁰ " Mirisaha amin'ny olon'Israely de mitarogna amin-dreo hoe: ' Sy efa avy ao amin'ny tany homeko anareo agnareo, de sy efa mijinja ny vokatsizay agnareo, de tsy maintsy mitondra ny amboaran'ny voalohambokatsizay ho an'ny mpisorogna.¹¹ Hanandratsa ny amboara eo agnatrehana' i Yaveh i de hanolotsa anizay ho Anazy, fa ho ankasitrahana eo aminareo zay. Amin'ny andro afaran'ny sabata ro anandratan'ny mpisorognazay hanolorany anizay ho anahy.¹² Amin'ny andro ze hanandratanareo ny amboara sy hanolorana anizay ho Anahy, de tsy maintsy manolotsa zanak'ondry lahy raika heritaogna sy tsa misy kilema ho fagnatitsa doroana ho an'i Yaveh agnareo.¹³ Ny fagnatitsa voa de tsy maintsy koba manify roa ampahafolon'ny efaha mifangaro menaka, fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, mba hamoaka hagnitsa ankasitrahana, de divay fagnatitsa sotoana, raika apahefatsy ny hina miaraka amizay.¹⁴ Aoka agnareo tsa hihinana mofo, na vary nindezina na tsotra, mandra-piaviany andro nitondranareo anio fagnatitsa io ho an'Andriamagnitsareo. Ho lalàna raikitsa amin'ny taranak'ireo vahoakanareo, amin'ny toerana aby hitoeranareo zay.¹⁵ Manomboka amin'ny andro afaran'ny sabata ze andro nitondranareo ny amboaran'ny fagnatitsa ahevaheva de magnisa fito herignandro feno.¹⁶ Hagnisa dimampolo andro, ze andro afaran'ny Sabata fahafito agnareo. Sy avy eo de tsy maintsy hanolotsa fagnatitsa vary vaovao ho an'i Yaveh.¹⁷ Tsy maintsy hitondra mofo roa natao tamin'ny roa ampahafolon'ny efaha aby any an-dragnonareo agnareo. Aoka ho vita amin'ny koba tsara toto sy mofo misy lalivay reo; ho fagnatitsa voaloham-bolana ahevaheva ho an'i Yaveh reo.¹⁸ Tsy atolotsanareo miaraka amin'ny mofo reo zanak'ondry lahy fito herintaogna sy tsa misy kilema, vantotr'ombilahy raika, de ondrilahy roa. Tsy maintsy atao fagnatitsa dorana ho an'i Yaveh, miaraka amin'ny fagnatitsa voan-dreo sy ny fagnatiny sotoana reo, fagnatitsa ze natao tamin'ny afo ka mamoka hanitra ankasitrahana ho an'i Yaveh.¹⁹ Tsy maintsy magnome osilahy raika hatao fagnatitsa nohon'ny heloka agnareo, de zanak'ondry lahy roa heritaogna ho an'ny sorogna, hatao fagnati-pivavahana.²⁰ Ny

mpisorogna de tsy maintsy magnevaheva an-dreo miaraka amin'ny mofon-dreo voaloham-bokatsa eo anatrehan'i Yaveh, de manolotsa andreo ho anazy mba ho fagnatitsa miaraka amin'ny zanak'ondry roa. Amin-dreo mpisorogna , ny fagnatitsa masina ho an'i Yaveh. ²¹Amin'io andro io hiany agnareo de tsy maintsy manao fagnambarana. Hisy fiombognana masina , ko tsa hanao ny asa mahajatsa agnareo. Ho lalàgna raikitsa amin'ny taranan-dreo vahoakanareo amin'ny toerana aby honegnanareo zay. ²²Lehe mijinja ny vokan'ny taninareo agnareo , de tsa tokony hijinja tanteraka ny zoron'ny sahanareo , de tsa tokony hagnangogna ze trotraka amin'ny vokatsareo . Aoka havelanareo ho an'ny mahantra sy ho an'ny vahiny reo . Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. " ²³Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: ²⁴"Miresaha amin'ny vahoakan'Israely de mitarògna hoe: ' Amin'ny volagna fahafito, ny andro voalohan'izay volagna zay de ho fitsaharana magnetriketrika ho agnareo, fahatsiarovanamiaraka amin'ny fitsofana trompetra, de fiombognana masina . ²⁵Aoka agnareo tsa hanao ny asa mahazatsa , de aoka agnareo hanolotsa sorogna natao tamin'ny afo ho an'ny Yaveh. " ²⁶De niresaka tamin'ny Mosesy Yaveh , nanao hoe: ²⁷De amin'ny andro fahafolon'izay volagna fahafito zay roAndron'ny Fagnavotana. Ho fiomboognana masina zay, agnareo de tsy maintsy manetry ny teganareo sady manolotsa fagnatitsa natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. ²⁸Aoka agnareo tsa hiasa amin'io androio satria Andron'ny Fagnavotana zay,mba ho fagnavotana ho an'ny teganareoeo agnatrehan'i Yaveh Andriamagnitsareo. ²⁹Ze tsa magnetry ny teganany amin'io andro io de tsy maintsy alàna avy eo amin'ny olony ³⁰Na ia na ia miasa amin'io androio, Iaho, Yaveh, de handrava anazy eo amin'ny olony. ³¹Aoka agnareo tsahanao asa amin'io andro na ina naina zay. Ho lalàna raikitsa amin'ny taranan-dreo vahoakanareo amin'ny toe-ragna honegnanareo zay. ³²Zayandro zay de tsy maintsy ho sabata fitsaharana magnetriketrika ho anareo,de agnareo de tsy maintsy magnetry ny teganareo amin'ny andro fahasivin'nyvolagna amin'ny hariva. Manomboka amin'ny hariva ko hatramin'ny hariva agnareo de hankalaza ny Sabatanareo. ³³Yaveh niresaka tamin'i Mosesy', nanohoe: ³⁴Miresaha amin 'ny olon'Israely,manao hoe: ' Amin'ny andro fahadimy ambin'ny folo ny volagna fahafito ro hoFiravoravoan'ny Fialofana ho an'i Yaveh.Haharitsa foto andro zay. ³⁵Amin'ny andro voalohany de tsymaintsy misy fiombognana masina. Aokaagnareo tsa hanao ny asa mahajatsa. ³⁶Mandritra ny fito andro agnareo de tsymaintsy manolotsa sorogna natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Amin'ny andro fahavalode tsy maintsy hisy fiombognana masinade tsy maintsy manao sorogna amin'ny afoatolotsa ho an'i Yaveh agnareo, Fiombo-gnana magnetriketrika zay, ary agnareo de aoka tsa hanao ny asa mahajatsa. ³⁷Ny ro firavoravoana voatendry hoan'i Yaveh, ze tsy maintsy ambaranareo ho fiombognana masina mba hagnolorana sorogna natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh,fagnatitsa dorana sy fagnatitsa vary, sorognasy fagnatitsa sotroana, ny tsirai-draika samyamin'ny androny aby. ³⁸Ny firavora-voana reo de hiampy ny Sabatan'i Yavehsy ny fagnomezanareo, ny voadinareo aby, de ny fagnatitsanareoan-tsitraro ze homenareo an'i Yaveh. ³⁹Momba ny Firavoravoan'ny Fialofana,amin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volagna fahafito, sy efa voavorinareony vokatsy ny tany, de tsy maintsyatdremanareo io firavoravoan'i Yavehmandritsa ny fito andro io. Ny andro voa-lohany de ho fitsaharana magnetriketrika,de ny andro fahavalo hiany koa de hofitsaharana magnetriketrika. ⁴⁰Amin'ny andro voalohany agnareode tsy maintsy mangalaka ny vokatsa soa indrindra avy amin'ny hazo agnareo, sampan'ny hazo rofia, sy sampagna beravigna ao amin'ny ala mikitroka, dehazo malahelo eny amin'ny loharano ,de hifaly eo agnatrehan'i YavehAndriamagnitsareo mandritsa ny fito andro agnareo. ⁴¹Mandritsa ny fito androisan-taogna, de tsy maintsy mankalazaio firavoan'i Yaveh io agnareo , Holalàgna raikitsa amin'ny taranan-dreovahoakanareo amin'ny toerana abyhonegnanareo zay. Tsy maintsyhankalaza io firavoravoana io agnareoamin'ny volagna fahafito. ⁴²Aoka agnareo honina amin'ny fialofanakely mandritra ny fito andro. Ny Israe-lita tera-tany aby de tsy maintsy honina amin'ny fialofana kely mandritsa ny fito andro, ⁴³mba ho afaka hianatsany fomba namponegnako ny olon'Israelytamin'ny fialofana tahaka an'izay lehefa notarihiko niala ny tany Egipta reotaranakareo, ny taranaka mifandimby.Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. " ⁴⁴Tamin'izay fomba zay , ro nagnamba-ran'i Mosesy tamin'ny olon'Israely reofiravoravoana voiatendry ho an'i Yaveh.

24

¹Natarogna tamin'i Yaveh, nanaohoe: ²" Baikony ny olon'Israely mba hiton-dra diloilo tsa mifangaro vita tamin'ny oliva ho anao mba ampiasaina amin'ny fanilo, mba hirehitsa mandrakariva ny jiro. ³Arona de tsy maintsy mamela ny jirohirehitsa hiany ao ivelan'ny lamba fana-konana eo agnatrehan'ny didim-panekena ao amin'ny tranoy-lay fihaognana, manomboka ny hariva mandra-parain'ny andro. Ho lalàna maharitsa hatramin'ny taranan-dreo vahoakanareo zay. ⁴Nympisorognabe de tsy maintsy mitandrigna ny jiro hirehitsa hiany eo agnatrehan'iYaveh, ny jiro eo amin'ny fitoeran-jiro volamena tsa misy fangarony. ⁵Aoka agnao hangalaka koba manify de ha-gnendy mofo roa ambin'ny folo amin'izay.Tsy maintsy misy roa ampahafolon'nyefaha isaky ny mofo. ⁶Avy eo agnao de hi-zara an'izay ho andalagna roa, enina amin'ny andalagna raika, eo ambonin'ny latabatsa vita tamin'ny volamena tsa misy fangarono. ⁷Aoka agnao hametraka ditin-kazomagnitsa madio isakin'ny andalana mofo ho fagnati-pahatsiarovana. Io ditin-kazomagnitsa io de ho dorana ho an'i Yaveh. ⁸Isaky ny Sabata ny mpisorogna avo detsy maintsy mametraka mandrakarivany mofo eo agnatrehan'i Yaveh ho an'nyolon'Israely, mba ho famantarana nyfagnekena tsy manam-pahataperana. ⁹Io fagnatitsa io de ho an'i Arona sy ny zanany lahy, de hohanin-dreo eoamin'ny toerana ze masina zay, satriaampahany aby tamin'ny fagnatitsa nataotamin'ny afo ho an'i Yaveh. ¹⁰De nisy zanaka vavy Israelita raika, ze Egiptiana no rainy, nanadehateo amin'ny vahoakan'Israely. Iozanakalahin'ny apela Israelita io de niady tamin'ny Israelita raikatamin'ny toby. ¹¹Niteny ratsy ny agnaran'iYaveh sy nagnozogna an'Andriamagnitsa iozanaka lahin'ny apela Israelita io, ko noferin'ny vahoaka tamin'i Mosesy iSabomita ro agnaran'ny reniny, zanaka vavin'i Dibry, avy amin'ny fokon'i Dana ¹²Notazomin-dreo tam ponja imandra-pitenin'i Yaveh I teganany

sitrapony amin-dreo.¹³ De nitarogna tamin'i Mosesy Yaveh, nanaohoe: ¹⁴"Alao ny lihilahy ze nagnozogna an'Andriamagnitsa tao ivelan'ny toby. Ze mandre anazy de tsy maintsymametraka ny tagnan-dreo eo amin'ny lohany, de aoka ny fiangognana raikamanontolo hitora-bato anazy.¹⁵ Aoka agnao hagnazava amin'ny olon'Israely de hitarogna hoe: " Ze abiaby ma-gnozogna ny Adriamagnitsany de tsy maintsymizaka ny helony.¹⁶ I ze miteny ratsy ny agnaran'i Yaveh de tsy maintsy hovonoana tokoa. Tsy maintsy hitora-batoanazy tokoa ny fiangognana manontolo, navahiny i na tera-tany Israelita. Lehemisy ona miteny ratsy ny agnaran'i Yaveh, de tsy maintsy vonoana i.¹⁷ Lehe misy ona mamono ona hafa, de azo antoka fa tsy maintsy ho vonoanai.¹⁸ Lehe misy ona mamono ny bibin'ny ona raika hafa, de tsy maintsy magnonitsa anizayi, aigna solon'ny aigna.¹⁹ Lehe misy olagna mandratsa ny mpiara-mognina aminazy, de tsy maintsy atao aminazy ze nataony tamin'ny mpiara-mognina aminazy: ²⁰Fahatapahana solon'ny fahatapahana, maso solon'ny maso, nifysolon'ny nify. Satria nandratsa ona i, de tsy maintsy atao aminazy koa zay.²¹ Ze abiaby mamono biby raika de tsy maintsy managnitsa anizay, de ze abiabymamono ona de tsy maintsy vonoana.²² Aoka agnao hanagna lalàna mitovy hoan'ny vahiny sy ny tera-tany Israelita, fa Iaho ro Yaveh Andriamagnitsao." ²³Ko niresaka tamin'ny olon'Israely i Moskesy, de noferin'ny ona nienga tao ivelan'ny toby i lihilahy zay, zay nagnozogna an'i Yaveh zay, Notorahin-dreo tamin'ny vato i. Ny vahoakan'Israely de nanao arakan'ny ze nandidian'i Yaverh an'i Mosesy.

25

¹Niteny tamin'i Mosesy tagny an-tendrombohitsan'i Sinay Yaveh, nanaohoe: " ²Mitarogna amin'ny vahoakan'Israely delazao amin-dreo hoe: 'Lehefa mandeha amin'ny tany ze omeko anareo agnareo, de aoka mba hitandrigna ny sabata ho an'i Yaveh ny tany.³ Aoka agnao hamboly eo amin'ny sahanao mandritsa ny enin-taogna, de mandritsa ny enin-taogna de aoka agnao handrantsagna ny tanim-boalobokao dehagnangona ny vokatsa.⁴ Fa amin'ny taognafahafito, de aoka ho tandrovigna ny andro Sabatan'ny fitsaharana magnetriketrika hoan'ny tany, Sabata ho an'i Yaveh. Aoka agnao tsa hamboly agny amin'ny sahanao na handrantsagna ny tanim-boalobokao.⁵ Aoka agnao tsa hanao fijinjana voarindra amin'ny raha aby magniry ho anazy, de aoka agnao tsa hanao fijinjanavoarindra amin'ny voaloboka aby ze mitombo eo amin'ny voalobokao zaytsa voarantsagna. Ho taom-pitsaharanamagnetriketrika ho an'ny tany zay.⁶ Ze magniry eo amin'ny tany tsa niasà namandritsa ny taognan'ny Sabata ro hosakafonao. Agnao, ny mpanomponaolahy sy vavy, ny mpanompo karamainao de ny vahiny ze monigna miaraka aminao ro aoka hagnangona hanina,⁷ deny biby fiompianao sy ny bibi-dia ro aoka hihinagna ze aby vokarin'ny tany.⁸ Aoka agnao hagnisa Sabata fito amin'ny taogna, zany hoe, im-pito isaky ny fitotaogna, mba hisy Sabata fito taogna, sivy amby efapolo taogna ny fitambarany.⁹ De aoka agnao hitsoka anjomara mafy na aiana aia amin'ny andro fahafolon'ny volagnafahafito. Amin'ny Andron'ny Fagnavotanade aoka agnao hitsoka anjomaramanerana ny teninao aby.¹⁰ Aoka agnao hanokana ny taogna fahadi-mampolo ho an'i Yaveh de hagnambara ny hafanana manerana ny tany amin'ny mpo-niny aby. Ho Jobily ho anao zay, ze tsy maintsy hagnapodianana ny fanagnana sy ny andevo agny amin'ny fianakaviany.¹¹ Ho jobily ho anao ny faha dimapolo taogna. Aoka agnao tsa hamboly na hitondra famirana voalamigna. Mihinana ze raha aby mitsiry ho azy, de vorio ze voaloboka mitombo eo amin'ny tanimboaloboka tsa mirantsagna.¹² Fa Jobily, ze ro masina ho anao zay. Aoka agnao hihinana ny vokatsa ze mitsiry ho anazy ivelan'ny saha.¹³ Aoka hagnapody ny tsiraidraika agny amin'ny zara-taniny hiany agnao amin'izay taognan'ny Jobily zay.¹⁴ Lehe mivarotsatany amin'ny namanao agnao na mividy tany amin'ny namanao agnao na mividy tany avy agny amin'ny namanao, de aoka agnareo tsa hifamitaka na hifanao ratsy.¹⁵ Lehe mividy tany amin'ny namanao agnao, hivero ny isan'ny taogna sy ny vokatsa azo ilaina mandra-piavin'ny Jobily magnaraka. De ny namanao koa mba hievitsa anizay.¹⁶ Ny haben'ny taogna mandra-piaviany Jobily magnaraka ro hapitombo ny lanjany tany, de ny havitsian'ny isan'ny taogna mandra-piavin'ny Jobily magnaraka ko hapihegna ny lanja. Satria ny isan'ny vokatsa ho vokarin'ny tan'ny ho an'ny tompony vaovao de mifandraika amin'ny isan'ny taogna mialohan'ny Jobily magnaraka.¹⁷ Aoka agnareo tsa hifamitaka na hifanao ratsy; fa zao; aoka agnao hagnome voninahitsa an'Adriamagnitsao, fa Iaho ro Yaveh Andriamagnitsao.¹⁸ Noho izay de aoka agnao hakatò ny didiko, hitandrigna ny lalàko, de hagnatanteraka anireo. De hitoatsa ao amin'ny tany apilamignana agnao.¹⁹ Hagnome ny vokatsy ny tany, de hihinana agnao ko ho voky sady hitoatsa aompilamignana ao.²⁰ Mety hitarogna agnao hoe: " Ina ro hoaninay mandritsiny taogna fahafito? Ty, tsa afaka hamboly na mamory ny vokatsa agnay." ²¹Handidy ny fitahiako aho mba ho avy aminareo amin'ny taogna fahenina, de hamokatsa vokatsa ampy mandritsy ny telo taogna zay.²² Hamboly agnao amin'ny taogna fahavalo de hanohy hihinana avy tamin'ny vokatsa teo taloha sy ny hanina voatahiry. mandra-piaviny taogna filana amin'ny taogna fahasivy, de afaka hihinana avy amin'ny vatsy voatahiry tamin'ny taogna taloha agnao.²³ Aza mba amidy amin'ny tompo vaovao ny tany, satria Anahy ny tany. Vahiny aby agnareo sady ponina mandalo amin'ny taniko.²⁴ Aoka agnao handinika ny zony fagnavotana ho an'ny tany aby ze hazanao; aoka agnao hamenla ny tany hapody hovidian'ny fianakaviana ze novidianao zay.²⁵ Lehe avy mahantra ny Israelita namanao de noho zay antony zay ro hivarotany ny sasany ny fanagnany, de mety ho avy ny havany mariny indrindra de hividy ny fanagnana ze namidiny taminao.²⁶ Lehe tsa manakavagna mba hagnavotsa ny fanagnany ny lihilahy raika, kanefa lehe ambinina i ko managna fahafahana hagnavotsa ny fanagnany,²⁷ de hikajy ny taogna hatramin'ny nivarotana ny tany sy nagnoregnana ndraika ny fandanjana tamin'ny ona ze nivarotana anizay i. De hipody agny amin'ny fanagnany hiany i.²⁸ Fa lehe ohatra ko tsa afaka mipody agny amin'ny tany ho anazy hiany i, de hiegnina ho fanagnan'ny ona nividy anazy hatramin'ny taogna Jobily hiany ny tany. Amin'ny taognan'ny Jobily, de hipody agny amin'ny lihilahy ze nivarotsa anizay ny tany, de ny tena tompony hipody amin'ny fanagnany.²⁹ Lehe mivarotsa tragno amin'ny tanàna mimanda ny lihilahy raika, de mety hividy anizay ndraika agnatin'ny

taona rai-manontolo i afaran'ny nahalafo anizay. Fa mandritsany taogna ry manontolo de managna zon'ny fagnavotana i. ³⁰Lehe tsa avotsa agnatiny taogna ray manontolo ny tragno, de ho fanagnana mandrakizay ho anize nivity anizay ny tragno ao amin'ny tanàna mimanda, zizika amin'ny taranaka fara mandimby. De tsa hipody zay tragno zay amin'ny taogna Jobily. ³¹Fa ny tragno ny vohitsa ze tsa misy manda magnodidigna an-dreo de hipody ho takany sahan'ny tany. hagnavotana reo, de tsy maintsy hipody mandritsy ny taogna ny Jobily. ³²Neko zay aza, ny tragnon'ny Levita ao amin'ny tanànan-dreo de ho avotsa amin'ny fotoagna aby. ³³Lehe tsa magnavotsa ny tragno ze namidiny ny raika amin'ny Levita, de tsay maintsy hipody amin'ny taognan'ny Jobily ny tragno ze namidiny tao an-tanàna nisy anazy, fa fanagnan-dreo amin'ny vahoakan'Israely ny tragnon'ny tanànan'ny Levita. ³⁴Fa ny saha magnodidihna ny tanàna de tsa azo amidy satria fagnana rekitsin'ny Levita zay. ³⁵Lehe manjary mahantra ny piray tanindrazagna aminao, ko tsa afaka mamokatsa ho anazy koa i, de aoka agnao agnampy anazy tahaka ny nagnampenao ny vahiny na ona raika ze mitoatsa tahaka ny mpivahiny eo aminao. ³⁶Aza mangalaka tombony aminazy na magnandragna magnararaotsa anazy amin'ny fomba aby, fa magnomeza voninahitsa ny Andriamagnitsao mba ho afaka hiaigna aminao ny ralahinao reo. ³⁷Aza mampin-drambola anazy sady aza mangalaka zana-bola anazy aminazy koa, na mivarotsa aminazy ny haninano mba hazahoana tombony. ³⁸Iaho ro Yaveh Andriamagnitsao, ze nitondra anao nienga hatagny amin'ny Egypta, mba hafahako magnome anaony tany Kanana, de hahatonga Anahy ho Andriamagnitsao. ³⁹Lehe manjary mahantra ny piray tanin-drazagna aminao ko mivarotsa ny tegnany aminao, aoka agnao tsa hapiasa anazy tahaka ny andevo. ⁴⁰Ataovo tahaka ny mpanompo karamaina i. aoka i ho tahaka ny ona ze miaigna miaraka aminao amin'ny fotoagna voafetsa. Hanompo hiaraka aminao hatramin'ny taogna Jobily i. ⁴¹Sy avy eo i de hiala aminao, I sy ny zanany ze miaraka aminazy, de hipody agny amin'ny fianakavian'ny sy ny fanagnan-drainy i. ⁴²Fa mpanompo noferiko avy tagny amin'ny tany Egypta reo. Tsa hamidy tahaka ny andevo reo. ⁴³Aoka agnao tsa hitondra an-dreo amin-karatsiana, fa aoka agnao hagnome voninahitsa ny Andriamagnitsao. ⁴⁴Lehe ny amireo andevo lahy sy vavy, ze azonao alaina avy amin'ny firenena ze mitoatsa magnodidigna anao, de afaka hivity andevo hatamin-dreo agnao. ⁴⁵Afaka mividy andevo hatamin'ny vahiny ze mitoatsa eo aminao hiany koa agnao, de ze avy amin'ny fianakaviana ze miaraka aminao, kilonga ze teraka tao amin'ny taninao. Hanjary fanagnanao reo. ⁴⁶Hamokatsa andevo tahaka ny ze ho lova ho an'ny zanakao afara, mba ho tanana ho fanagnana agnao. Avy ami-dreo mandrakariva ro hividianano ny andevona, fa aoka agnao tsa hitondra an-kery ny rahalahinao amin'ny vahoakan'Israely. ⁴⁷Lehe manjary mpanakareo ny vahiny na ny ona ze miaigna miaraka aminao amin'ny fotoagna voafetsa, de lehe manjary mahantra ny raika amin'ny Israelita namanao ko mamarotsa ny tegnany amizay vahiny zay, na amin'ny ona ao amin'ny fianakavian'ny vahiny, ⁴⁸sy efa voafidy ny Israelita namanao, de afaka vidiana ndraika i. Hagnavotsa anazy ny raika amin'ny fianakaviany. ⁴⁹Mety ho rahalahin-drainy ny ona, na zanan-dralahin-drainy, ro magnavotsa anazy, na ona ze havany mariny hatamin'ny fianakaviany. Na , lehe manjary panakarena i, de afaka magnavotsa ny tegnany. ⁵⁰Aoka i hifagnaraka amin'ny ona ze nivity anazy; aoka i hagnisa ny taogna manomboka ny taogna nahalafo anazy tamin'ny mpividy anazy ko zizika amin'ny taogna Jobily. Aoka ny vidin'ny fagnavotana anazy ho eritsiretina miaraka amin'ny taham-bidin'ny mpanompo nokaramaina, ho an'isan'ny taogna hanohizany miasa ho an'ny nivity anazy. ⁵¹Lehe vona misy taogna betsaka mandrapiaviny taognan'ny Jobily, aoka i hipody handoa sandambola tahaka ny vidin'ny fagnavotana ze mifandanja amin'ny isan'ny taogna. ⁵²Lehe ohatsa ka taogna kely sisa mandrapiaviny taognan'ny Jobily, de tsy maintsy mifagnaraka amin'ny pivity anazy i mba hahitana ny isan'ny sisa ambiny mialohan'ny taognan'ny Jobily, de aoka reo hagnefa ho an'ny fagnavotany mifagnaraka amin'ny isan'ny taogna. ⁵³Hatao tahaka ny lihilahy karamaina i. aoka ho azonao antoka fa tsa hitondra anazy amin-kery tokoa agnao. ⁵⁴Lehe tsa avotsa amizay i, de aoka i hanompo zizika amin'ny taogna ny Jobily, reo sy ny zanany miaraka aminazy. ⁵⁵Aminahy de panompo ny vahoakan'Israely. Mpanompoko ze noferiko hatagny amin'ny tany Egypta reo. Yaho ro Yaveh Andriamagnitsao." '

26

¹Aoka agnao tsa hanao ny sampy, na hanangagna sarin-draha voasikotsa na tsangam-bato masina, de aoka agnareo tsa hametraka sary vato voasikotsa ao amin'ny taninareo mba hiankohofanareo, fa Iaho ro Yaveh Andriamagnitsareo. ²Aoka hitandrigna ny Sabatako sy hagnome voninahitsa ny fitoerako masina agnareo. Iaho ro Yaveh. ³Lehe magnaraka ny lalàko sy mitandrigna ny didiko sady mankato anizay agnareo, ⁴de hagnome oragna anareo amin'ny vanipotoagnan'ny Aho; hagnome ny vokatsy ny tany, de ny hazony saha hagnome ny voany. ⁵De ny famofohambary de hitohy amin'ny fotoagnan'ny filana ny voaloboka, de hihitatsa hatragny amin'ny fotoa-pambolena ny voka-boaloboka. Hihinana ny mofonareo mandra-pahavoky agnareo de hiaigna am-pilamignana agny amize nataonareo fonegnana ao amin'ny tany. ⁶Hagnome fiadagnana ao amin'ny Aho; hatory miaraka amin'ny raha tsa mapatahotsa anareo agnareo. Hamongotsa ny biby mandoza amin'ny tany Aho, de tsa handalo amin'ny taninareo ny sabatsa. ⁷Hagnenjika ny fahavalonareo agnareo, De hignetrika eo alohanareo eo alohanareo amin'ny alalan'ny sabatra reo. ⁸Dimy aminareo handodotsa zato, de ny zato aminareo handodotsa ray aligna; hignetrika eo alohanareo amin'ny alalany sabatra ny fahavalonareo. ⁹Hijery anareo amim-pakasitrahana Aho sady hapamokatsa ro hapitombo isa anareo; hametraka ny fagnikeko aminareo Aho. ¹⁰Hihinana ny hanina voatahiry amin'ny fotoagna maharitsa agnareo. tsy maintsy hamoaka ny hanina voatahiry agnareo satria hilainareo ho an'ny vokatsa vaovao ny efitsa. ¹¹Hametraka ny tabernakeliko eo aminareo Aho, sady tsa hankahala anareo Aho. ¹²Handeha eo aminareo Aho sady ho Andriamagnitsareo, de agnareo ho oloko. ¹³Iaho ro i Yaveh Andriamagnitsareo ze nitondra anareo nienga avy hatagny amin'ny tany Egypta, mba tsa ho andevon-dreo agnareo, nanapaka ny hidiny zioanareo Aho de napandeha anareo mihintsy. ¹⁴Fa lehe tsa hieno anahy agnareo, sady tsa hankato ny didiko aby, ¹⁵sady

lehe mandà ny didiko sy tsa te ny lalàko, de tsa mankato ny didiko aby agnareo, fa hivadihanareo ny fagnikeko—¹⁶—lehe manao anireo raha reo agnareo, de hanao anizao aminareo Aho: Hampisy horohoro eo aminareo Aho, aretina sy tazo ze hanimba ny maso sy hanimba ny ainareo. Hamboly ny voa ho raha tsa misy agnareo, satria ny fahavalonareo ro hihinana ny voany.¹⁷ Hagnandrigna ny tavako hanohitsa anareo Aho, de hanjakany fahavalonareo tanteraka agnareo. Hanapaka anao ny lihilahy ze tsa te anareo. de hilefa agnao, neko de tsa misy mandodotsa anao aza ndreko raika¹⁸ Lehe tsa mihieno ny didiko agnareo, de hagnafay am-pasahiana anareo impito nohon'ny fahotanareo Aho.¹⁹ Handrava ny avognavognareo agnatin'ny herinareo Aho. Hanao ny lagnitsa eo amboninareo ho tahaka ny vy Aho de ny taninareo tahaka ny varahogna.²⁰ Hampiasaina amin'ny raha tsa misy ny tanjakareo, satria tsa hamokatsa ny vokany ny taninareo, sady ny hazo eo amin'ny tany de tsa hamokatsa ny voany.²¹ Lehe mandeha manohitsa Anahy agnareo sady tsa mihieno Anahy, hitondra familezana im-pito avo heny eo aminreo Aho, araka ny fahotanareo.²² Handefa ny biby mandoza eo aminareo Aho, ze hangalatsa ny zanakareo, hamotika ny biby ompianareo, sady hahavitsy isa anareo. Ko hanjary mahery ny lalanareo.²³ Neko de eo aza zay raha zay ko vona tsa magneky ny fagnitsiako hiany agnareo sady mandeha manohitsa Anahy hatragny,²⁴ de handeha hanohitsa anareo hiany koa Aho, de Iaho mihitsy ro hagnamafy anareo im-pito noho ny fahotanareo.²⁵ Hitondra sabatra eo aminareo Aho ze hagnatirahako ny famaliana tratsan'ny fivadihana tamin'ny fagnikeko. Hovoriako miaraka ao an-tanànanareo agnareo, de handefa aretina eo aminareo agny Aho, de hatolotsa ho eo antagnan'ny fahavalonareo agnareo.²⁶ Sy efa ho tapahako ny vatsy sakafonareo, de appela folo de hahavita hagnendy ny mofonareo ao agnaty lafaoro raika, de hizara ny mofonareo ara-danja reo. Hihinana agnareo fa tsa ho afampo.²⁷ Lehe tsa mihieno Anahy agnareo de eo aza reo raha reo, fa vona mandeha manohitsa Anahy hatragny agnareo,²⁸ de handeha hanohitsa anareo hatragny amimpahasiahana Aho, sady hagnafay anareo im-pito avo heny mihoatsa nohon'ny fahotanareo.²⁹ Hihinana ny nofon'ny zanakareo lahy agnareo ; hihinana ny nofon'ny zakareo vavy agnareo.³⁰ Hanadrava ny fitoeranareo ambony Aho, hanapaka ny alitara ny didikazo magnitsa, de hagnary ny fatinareo eo ambonin'ny fatin'ny sampinareo, de Iaho mihintsy ro hankahala anareo.³¹ Hamadika ny tanànanareo ho faharavana Aho de handrava ny fitoeranareo masina. Tsa ho faly amin'ny hagnitsy ny fatinareo Aho.³² Handrava ny taninareo Aho. Ny fahavalonareo ze mitoatsa agny de ho gaga amin'ny faharavana.³³ Hagnaparitaka anareo manerana ny tany Aho, de hanoaka ny sabatro sy hagnaraka anareo Aho. Havela eo ny taninareo, sady ho ravana.³⁴ De hahita ny sabatany tany mandritsy ny handreny ho lao sady ho ao amin'ny tanin'ny fahavalonareo agnareo. Mandritsa anizay fotoagna zay, hiegnina ny tany ko hitè ny Sabatany.³⁵ Lehe vona matory ho lao zay, de hanagna fitsaharana, ze fitsaharana tsa hazany tamin'ny Sabatanareo, Sy efa mitoatsa ao agnareo,³⁶ De ny amin'ny sasany aminareo ze navela agny amin'ny tanin'ny fahavalonareo, de handefa tahotsa ho amin'ny fonareo Aho ko nako de ravigna notsiofiny rivotsa aza de hanaitsa anareo, de de hilefa tahaka ny milefa sabatra agnareo. Higiitraka agnao, neko de tsa misy na ia na ia mandodotsa anao aza.³⁷ Hasisiaka eo amin'ny tsirairay tahaka ny milefa sabatra agnareo, neko de tsa misy na ia na ia aza mandodotsa anareo. Tsa hanagna hery hitsanganana mandriny ny fahavalonareo agnareo.³⁸ Ho maty agny amin'ny firenena agnareo. sady handrapaka anareo ny tanin'ny fahavalonareo.³⁹ Reo ze sisa tavela de ho very ao agnatiny fahotan-dreo, ao amin'ny tanin'ny fahavalonareo, de nohon'ny heloky ny razamben-dreo de hihaosa reo.⁴⁰ Fa lehe magneky ny fahotany sy ny fahon'ny razambeny reo, sy ny famadihana ze tsa natokisana taminahy, sady ny fandihianana manohitsa Anahy—⁴¹ zay ro nahatonga Anahy hivadika amin-dreo de nitondrako an-dreo tagny amin'ny tanin'ny fahavalony—lehe mietry ny fo tsa voaforan-dreo, sady lehe magneky ny famaizako ho an'ny fahotany reo,⁴² de ho tsaroako ny fagnikeko niaraka tamin'ny Jakoba, de ny fagnikeko niaraka tamin'i Abraham; ho tsaroako hiany koa ny tany.⁴³ Havelan-dreo ny tany, de ho faly miaraka amin'ny sabatany ze mandriatsa ny handreny ho lao tsa misy an-dreo. Ko tsy maintsy hanohitsa ny otany reo satria reo mihintsy ro nandà ny fitsipiko sy nankahala ny lalàko.⁴⁴ Fa neko de eo aza zay aby zay, sy efa agny an-tanin'ny fahavalony reo, de tsa hagnary an-dreo Aho, na hankahala anazy ko handrava tanteraka sy hagnafoagna ny fagnikeko niaraka tamin-dreo, fa Iaho ro Yaveh Andriamagni-dreo.⁴⁵ Fa ho tsaroako ho an-dreo ny fagnikeko ze nataoko tamin-dreo niaraka tamin'ny razamben-dreo, ze noferiko nienga hatagany amin'ny tany Egypta teo imason'ny firenena, mba ho Andriamagnin-dreo Aho. Iaho ro Yaveh.⁴⁶ Reo ro didy, fitsipika, de lalàna ze nataon'i Yaveh teo Aminazy sy ny vahoakan'Israely tagny an-tendrombohits'i Sinay tamin'ny alalan'i Mosesy.

27 ¹Nitarogna tamin'i Mosesy Yaveh ko nanao hoe:² "Mitarogna amin'i vahoakan'Israely ko lazao an-dreo hoe: 'Lehe misy ona manao voady miaraka amin'i Yaveh, de apesao ny btombam-bidy mifagnaraka amizay.³ Ny fenitsy ny tombanao ho an'ny lahy manomboka amin'ny roapolo ko zizika amin'ny enipolo taogna de tsy maintsy sekely volafotsy dimapolo, araka ny sekely fitoerana masina.⁴ Ho an'ny vavy amizay taogna zay hiany de sekely telopolo ny fenitsy ny tombanao.⁵ Ny fenitsy ny tombanao dimy ko hatramin'ny roapolo taogna de tsy maintsy sekely roapolo, de ho an'ny vavy de sekely folo.⁶ Ny fenitsy ny tombanao ho an'ny lahy ray volagna hatramin'ny dimy taogna de tsy maintsy sekely volafotsy dimy, de sekely volafotsy telo ho an'ny vavy.⁷ Ny fenitsy ny tombanao ho an'ny lahy enipolo taogna ro ho miakatsa de tsy maintsy sekely dimy ambin'ny folo, de ho an'ny vavy sekely folo.⁸ Nefa lehe tsa afaka mandoa ny fenitsy ny tombagna ny ona manao voady, de tsy maintsy atoro agny amin'ny pisorogna ny ona atolotsa, de hanombagna zay ona zay amin'ny vidiny zanakiny manao voady ny pisorogna.⁹ Lehe misy ona magniry hanao sorogna biby ho an'i Yaveh, de lehe iken'i Yaveh zay, de ho voatokagna ho anazy zay biby zay.¹⁰ Aoka ny ona tsa hagnova na hamadika biby tahaka anizay, ny soa ho amin'ny ratsy ko ny ratsy ho amin'ny soa. Lehe mapifamadika biby hafa ho amin'ny biby raika hafa i, de samy ho masina zay na ny raika ze napifamadihina taminazy.¹¹ Fa zao, lehe ohatra ko maloto ny nanaovana voady ho an'i Yaveh, mba tsa ho

eken'i Yaveh zay, de tsy maintsy hitondra ny biby agny amin'ny pisorogna ny ona.¹² Hanombagna anizay ny pisorogna, araka ny tombagna ivarotana ny biby. Na ina na ina tombagna apetraky ny pisorogna amin'ny biby, de zay ro ho tombany.

¹³ Lehe magniry ny hagnonitsa anizay ny tompony de magnampy avo dimy heny ny tombam-bidiny ao amin'ny vidim-pagnavotana anizay.¹⁴ Sy efa manokagna ny tragnon'ny fagnomezana masina ho an'i Yaveh ny lihilahy raika, de hanombagna anizay ny pisorogna na ho soa na ho ratsy. Na ina na ina anombagnany pisorogna anizay, de zay ro izy.¹⁵ Nefa lehe magniry ny hagnavotsa anizay ny tompony ze nanokagna ny fonegnany, de tsy maintsy magnampy raika apaha-diminy ao amin'ny idi-pagnavotana anizay i, ko ho anazy zay.¹⁶ Lehe manokagna ny sasany amin'ny taniny hiany ny lihilahy raika, de ho arakaraka ny lanjan'ny voa ilaina ambolena amizay ro ho ho tombam-bidiny vary Hordea raika homera ho tombagna sekely volafotsy dimapolo.¹⁷ Lehe ohatra ko manokagna ny sahanany amin'ny taonjobily i, de hiegnina amizay hiany ny tombam-bidiny.¹⁸ Kanefa lehe manokagna ny sahanany afaran'ny taon-jobily i, de aoka hokajian'ny ny pisorogna ny toman'ny saha araka ny isan'ny taogna sisa man-drapiafin'ny taon-jobily magnaraka, de tsy maintsy hahegna ny tomanizay.¹⁹ Lehe magniry hagnavotsa ny saha ny lihilahy ze nanokagna anizay, de tsy maintsy magnampy ny raika apahadimin'ny tombam-bidiny i, de ho anazy zay.²⁰ Lehe tsa hagnavotsa ny saha kanefa i, na efa namidiny tamin'ny olok'afa ny saha, de tsa azo avotana koa zay.²¹ Fa zao, ny saha, sy efa avoaka amin'ny taon-jobily, de ho fagnomezana masina ho an'i Yaveh zay, tahaka ny saha ze efa natolotsa tanteraka ho an'i Yaveh. ho an'i pisorogna zay.

²² Lehe manokagna saha ze efa novidiany ny lihilahy raika, kanefa tsa anisany tanindrazagna zay saha zay, ²³ de vinavinainy pisorogna ny tombam-bidiny zay hatramin'ny taon-jobily, ko tsy maintsy aloany lihilahy ho fagnomezana masina ho an'i Yaveh ny toman'izay amizay andro zay.²⁴ Amin'ny taon-jobily, de hipody agny amin'ny lihilahy ze nividianana anizay ny tany, agny amin'ny tompony tany.²⁵ Ny tombambidy aby de tsy maintsy atao araka ny lanjan'ny sekelin'ny fitoerana masina. Tsy maintsy gera roapolo ro mifandraika amin'ny sekely raika.²⁶ Tsa misy mahazo manokagna ny voalohan-teraka amin'ny biby, satria ny voalohan-teraka de efa an'i Yaveh; ²⁷ Lehe ohatra ka biby maloto zay, de mahazo mividy anizay amin'ny tombam-bidiny ndraika ny tompony, de tsy maintsy magnampy ny raika apahadimin'ny ny tomanizay. Fa lehe tsa avotsa kosa ny biby, de ho amidy amin'ny tombany voatondro zay.²⁸ tsa misy raha ze atokan'ny lihilahy raika ho an'i Yaveh, avy amize aby anagnany, na olombelogna na biby, na ny tanin-drazany, ko afaka amidy na avotana. ze aby natokagna de masina indrindra ho an'i Yaveh.²⁹ Tsa misy vidim-pagnavotana azo aloa ho an'ny ona ze voatokagna ho amin'ny faharavana. Tsy maintsy vonoana zay ona zay.³⁰ Ny apahafolon'ny vokatsa aby ny tany, na voly egny amin'ny tany zay na vokatsa avy amin'ny hazo, de an'i Yaveh. Masina ho an'i Yaveh zay.³¹ Lehe hagnavotsa ny ampahafolom-bokatsy ny lihilahy raika, de tsy maintsy magnampy avo dimy heny amin'ny toman'izay i.³² Lehe ny amin'ny ampahafolon'ny ômby na ondry, na ina na ina mandalo eo ambanin'ny tsorakazon'ny piandry ondry, na raika apahafolon'izay de tsy maintsy atokagna ho an'i Yaveh.³³ Aoka tsa hitadia ny biby na soa na ratsy ny piandry, aoka i tsa hapifamadika anizay. Lehe ohatra ka manakalo anizay i, de samy masina aby na zay na ny natakalony. Tsa azo avotana zay.' "Reo aby ro didy ze nomen'i Yaveh hoan'i Mosesy ho an'ny vahoakan'Israelytagny an-Tendrombohitsa Sinay.